Josefa Mihaona

Amin'Ireo Rahalahiny

. . .miaraka amin'ny feo ampy mba hiresahana kely fotsiny. Ary tratry ny aretin-tenda aho nandritry ny fotoana vitsy. Ary—ary, izao maraina izao, dia tratry ny sery mafy aho; toa tahaka an'izany, isaky ny tonga mihitsy aho, na ahoana na ahoana, ato amin'ity lohasaha ity mihitsy. Niresaka tamin'ny sasany tamin'ireo rahalahy aho omaly rehefa tany an-tampon'ireo mivohitra tany New Albany izahay, ary nijery ambany tamin'ity làlana ity. Hoy aho hoe, "Izany ilay antony, eo mihitsy." Zavona iray fotsiny no mihantona eto, ary toa tsipika lava iray manerana an'ilay tanàna manontolo. Ary vantany vao tonga amin'ity manodidina ity aho, vao miditra ato mihitsy, dia indro tonga ilay izy, hitanareo, indray, vantany vao tonga mihitsy aho. Oh, tsy maintsy maka tranolay iray ho ahy aho ka miakatra eny an-tampon'ilay havoana, any ho any, ary mitoby. Satria, mpivahiny sy vahiny fotsiny isika, na ahoana na ahoana, sa tsy izany? "Mitady Tanàna iray izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao." Izany no tiantsika. Ankehitriny isika dia manana sasantsasany. . .

2 Alohan'ny fotoana mihitsy, izao maraina izao, ary alohan'ny fampianarana sekoly Alahady, isika dia manana fa—fanolorana zazakely. Ary manana anankiray kely ny rahalahiko izay iriany hatolotra ho an'ny Tompo; ny rahalahiko, araka ny nofo. Ary angamba, ny sasany amin'ny sisa aminareo reny sy ray eto dia manana anankiray kely hatolotra. Ankehitriny, matetika, ao amin'ny Baiboly. . .

3 Ary efa nanana fizarazarana betsaka isika tao amin'ireo fiangonana, noho ireo foto-kevitra samihafa mikasika ny batisan-jaza, sy ny sisa. Ary, ankehitriny, ireo izay mandray azy ireny, ka mamafy azy ireny ho an'ny batisan-jaza, miankina amin'izay fomba tianareo hanolorana azy izany. Fa, ilay zavatra manontolo dia midika zavatra anankiray ihany, fanolorana ho an'ny Tompo. Hitanareo? Ary ankehitriny. . .

4 Satria, ilay zazakely, raha mikasika ny fahotana, dia tsy manana izy. Maty mba hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao Jesosy. Ary ilay zazakely tsy nanao fahotana, izy fotsiny dia. . .Mpanota iray izy. Teraka tao amin'ny fahotana izy. Fa rehefa maty teo Kalvary Kristy, dia Nesoriny ny fahotan'izao tontolo izao, ka tsy tompon'andraikitra ilay zazakely mandrapahatongany eo amin'ny taonan'ny fandraisana andraikitra. Ary ny zaza kely rehetra, tsy mampaninona na mpanota toy

ny ahoana aza ireo raiamandreny, vantany vao maty izy, dia mandeha avy hatrany eo an-tsandrin'i Kristy, hitanareo, satria Izy no nandoa ny vidiny. Tsy mampaninona raha teraka tao amin'ny fahotana ny zazakely iray, sy tamin'ny alàlan'ny fijangajangana na inona ilay izy, tsy manao fahasamihafana mihitsy izany, voaaro ao amin'ny Kristy io zazakely io satria maty Izy mba hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Ary rehefa—rehefa lasa tena lehibe izy ankehitriny, ka nanao fahotana manokana, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mibebaka ny amin'izay nataony izy. Fa tsy manana fahotana manokana izy mandra-pahatongany ho tena lehibe hanotàny, hahafantatra an'izay tsara sy ratsy. Fa, ankehitriny, isika dia miezaka isan'andro hijanona akaikin'ny Baiboly mihitsy eo amin'ireo zavatra ireo, arak'izay fantatsika hoe ahoana.

5 Ankehitriny, tsy misy Soratra ao amin'ny Baiboly, ho an'ny famafazana an'ireo zazakely. Ny zavatra tokana izay hitantsika . . . Na, tsy misy batisan-jaza ao amin'ny Baiboly, tsy misy endrika. Ny toerana tokana izay mety hitantsika, izany dia voasoratra eto ao amin'ny Soratra, hoe Je- . . . "Nitondra an'ireo ankizy kely teo amin'i Jesosy izy ireo, ka nandray azy ireo teny an-tSandriny Izy ary nitso-drano azy ireo, ka nanao hoe, 'Avelao ny ankizy kely hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa an'ny toa azy ny Fanjakan'ny Lanitra.'"

6 Ankehitriny, izany, ankehitriny, satria nandeha nankany amin'Andriamanitra Izy, ary mipetraka eo ankavanana, androany, ao amin'ny Tenany ara-batana, ary eo ambonin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra. Ary naniraka Ny Fiangonany Izy handeha hankany amin'izao tontolo rehetra izao ka hanohy an'ireo asa izay Natombony teto fony Izy teto an-tany, izany hoe, mitory ny Filazantsara, manasitrana ny marary, ary manolotra an'ireo ankizy, sy ny sisa. Noho izany, dia angatahana ireo malala hitondra an'ireo zanany kely ho eo amin'ny Tompo, amin'ny fanolorana azy ireo amin'ny pasiterany, eo an-tsandriny. Ary izy manangana azy ireo, amin'ny finoana, mankany amin'i Kristy, ary mangataka an'i Kristy hitahy azy ireo.

7 Ary, noho izany, raha manana zanaka kely iray ianareo izay—izay tsy natolotrareo ho an'ny Tompo, ka tianareo ny hitondra azy raha mitendry ny piano ny anabavintsika hoe, *Ento Izy Ireo*, ary afaka mihira an'izany isika. Firy no mahafantatra an'ilay hira fahiny hoe, *Ento Izy Ireo*? Ary mahafinaritra izany. Ankehitriny, Atoa. sy Rtoa. Henry Branham dia hitondra ny zanany kely. Ary ny sisa rehetra izay manana sasantsasany izay tian'izy ireo entina, eny, ento miakatra avy hatrany izy ireo amin'ity fotoana ity ankehitriny ho an'ny fanolorana. Eny àry.

Ento izy ireo, ento izy ireo,
Ento hiala amin'ireo sahan'ota izy ireo;
Ento izy ireo, ento izy ireo, (. . .?. . .)

8 Te-haneho Branham kely iray hafa aminareo aho, Mary Ella Branham kely. Zanakavavin'ny rahalahiko sy ny vady malalany izany. Ka, tonga izy ireo izao maraina izao, eto am-piangonana, mba hanolotra an'ilay ankizy kely, ny fiainana, hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome azy ho azy ireo.

Ankehitriny dia hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika.

9 Ry Rainay any An-danitra tsara fanahy, raha mitsangana eto eo anatrehako androany, ny rahalahiko manokana araka ny nofo, sy ny ampakariny, ny vadiny. Ary efa tena nitahy ny tokantranon'izy ireo Ianao niaraka tamin'ity Mary Ella kely ity, mba hanome fifaliana azy ireo amin'ireo andro izay eo alohan'izy ireo. Misaotra Anao izahay nohon'ny fahatsiarovan'izy ireo ny amin'izay nihavian'ilay zazakely, ka mitondra azy eto amin'ny fiangonana androany, mba ahafahan'izy ireo manolotra azy hiverina Aminao. Ary ankehitriny dia atolotro Anao ilay zazakely, eo an-tsandrin'ny finoana, ka mangataka Anao mba hitahy an'ilay ankizy kely izay hazoniko. Ary enga anie izy ho velona sy hitombo. Ka raha maharitra Jesosy, dia enga anie izy ho Mpanomponao, hanompo Anao.

10 Tahio ny rainy sy reniny. Ary, Andriamanitra, ekeo mba Ny Fanahinao Masina no hitarika azy ireo mandritry ny diam-piainan'izy ireo. Ka indray andro, rehefa hitsahatra ity fivahinianana eto an-tany ity, dia enga anie ho tafangona miaraka ao amin'ny Voninahitra ilay fianakaviana goavana rehetra. Ekeo izany, Tompo. Mandra-pahatongan'izany fotoana izany, dia enga anie hitombo sy ho voatahin'Andriamanitra ilay zaza, ho salama sy hatanjaka, ary ho ohatra iray an'ny maha-vehivavy amin'ireo androny ho avy. Ary homenay Anao ny dera. Fa manolotra an'ilay zazakely Aminao izahay ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Ilay Zanakao. Amena.

11 Ary averiko aminareo izy. Andriamanitra hitahy anareo. Ny Tompo hitahy anareo. Eny àry.

> Fahatsiarovana sarobidy, toy ny ahoana no aharetan'izy ireo,
> Nalefa avy tany ho any hankany amin'ny fanahiko;
> Raha maharitra izy ireo, eo akaikiko mandrakariva,
> Fisehon-javatra sarobidy, masina no miseho.

12 Toy ny ahoana no iderantsika ny Tompo malalantsika ho an'ireo ankizy kely rehetra! Fantatrareo, toy ny hafahafa mihitsy ilay izy hoe ahoana fa kely tahaka an'izany isika fahiny. Ary misy zavatra mikasika ny zazakely iray izay tsy tia tena, tena mamela ary tena tsara fanahy. Na dia ny Tompontsika aza dia nampitaha azy ireo, ka nanao hoe, "Raha tsy miova fo ianareo ka tonga tahaka an'ireto ankizy kely ireto," tena mora.

13 Mahamarika an'i Joseph keliko aho, ahoana fa ao amin'ilay taona hidirany amin'ny zavatra rehetra mihitsy izy, ka tsy maintsy hanitsy azy mihitsy ilay reny. Ary hisintona an'ilay jiro izy, na inona koa, mba handre azy hidòna amin'ny gorodona fotsiny. Ary amin'izay fotoana izay raha sendra hikapoka azy ilay reny, na zavatra iray, dia hihanika avy hatrany eo an-tsandriny izy ka hametraka ny sandriny manodidina azy tahaka an'izao.

14 Tsy maintsy mifamela isika, ny tsirairay, tahaka an'ireto ankizy kely ireto, mba hidirana ao amin'ny Fanjakana.

15 Ankehitriny, misaotra an'Andriamanitra isika ny amin'ity zaza kely ity, Mary Ella Branham kely. Ary enga anie izy ho velona, sy hitombo sy hambinina, ary ho mpanompon'ny Tompo. Ary enga anie ny tokantrano izay itaizana azy ho tokantrano Kristiana iray, sy mba ahafahany ho tonga amin'ny fankasitrahana an'i Kristy.

16 Ary ankehitriny isika dia. . .(Misaotra anao, Ranabavy Gertie.) Ary ankehitriny dia efa naka ny toerany ao amin'ny efitra ireo ankizy kely ho an'ny kilasin'ny sekoly Alahady.

17 Ary ny pasitera dia—dia efa nanao ny filazana an'izay hisy an'ireo fivoriana androany, sy rahampitso, rahampitso hariva. Amin'ity tolakandro ity, izy ireo dia . . . araka ny fantatro, tsy misy fivoriana hisokatra, raha tsy hoe hisy ny sasany amin'ireo misiona kely any Louisville, izay fantatsika tsara, ny Rahalahintsika Durban sy ny maro amin'izy ireo. Heveriko fa manana fivoriana Alahady tolakandro iray izy ireo.

18 Nahazo antso maro aho. Olona maro no ao an-tokotany, sy ny sisa, mba hivavahana, izay marary sy ory.

19 Ireo fivoriako manaraka dia ho any Cleveland, Tennessee, manomboka amin'ny Zoma heriny hariva, Zoma hatramin'ny Alahady.

20 Ary avy eo dia hiverina hody avy hatrany izahay, ary handeha hankany South Bend, Indiana, ary mandritry ny hariva roa any miaraka amin'ny fitokanana an'ilay tempoly; Rahalahy R. E. S. Toms avy any Saskatoon, Saskatchewan.

21 Ary avy eo, avy any, dia handeha hankany Sturgis izahay, Michigan, mandritry ny hariva roa any Sturgis, Michigan.

22 Ary avy eo dia handeha hankany Lima, Ohio, ho an'ireo vahoaka Batista, ao amin'ny Memorial Auditorium any—any Lima, Ohio. Izany dia manomboka amin'ny fahatelo amby roapolo Janoary, hatramin'ny fahafito amby roapolo.

23 Ary avy eo, avy any, dia handeha hankany amin'ny Morontsiraka Andrefana izahay arak'izany, ho any amin'ireo fivoriana goavana any California sy Arizona. Aoka ho ao amin'ny vavaka ho anay. Rahampitso . . .

24 Rahariva, amin'ny fito sy sasany, dia hisy fivoriana evanjelistika eto amin'ny tabernakla, ka asaina ny olona rehetra.

25 Ary rahampitso hariva, izaho dia . . . Hiresaka ho an-dRahalahy Cauble aho, any amin'ny—ny fivoriany fiaretantory amin'ny misasak'alina. Izaho dia ho . . . Ny anjarako dia manomboka amin'ny sivy, hatramin'ny eo amin'ny sivy sy sasany eo.

26 Avy eo dia hiverina eto amin'ny tabernakla eto aho, izay efa handehanan'ny fivoriana, miaraka amin'ireo pasitera mitsidika ary ireo mpitoriteny izay ho eto, mba hanana ampahany iray ao amin'ny fivoriana rahampitso hariva. Raha tianareo rehetra ny handre an'ireo pasitera hiresaka sy haneho ny fombany hitenenana aminareo hoe ahoana no hanombohana ny taona vaovao, sy inona no hatao, nahoana, avy amin'ireo foto-kevitra ara-tSoratra, nahoana, dia aoka hanana antoka ny ho eto rahampitso hariva. Hanomboka amin'ny fito sy sasany ireo fivoriana, araka ny mahazatra, amin'ny fito sy sasany. Ary hitohy hatramin'ny misasak'alina, Alahady alina, ary avy eo . . . na, Alatsinainy hariva, raha ny marina. Avy eo, aorian'ny amin'ny sivy ora, rehefa mahavita miaraka amin-dRahalahy Cauble aho, dia hiverina eto amin'ny tabernakla mihitsy, mba hanomboka, ary angamba, angamba, hamarana ny toriteny izay iriako hatomboka izao maraina izao. Na, izaho dia . . . karazany hila fotoana lava ho ahy.

27 Miadana aho, fantatrareo, saingy tiako ilay Izy hidina ao amin'ilay karazana fototra tsara iray. Noho izany, dia tsy misy ilana ny hanaparitaka an'Izany na aiza na aiza. Tiako Izany hipetraka ao, ary hitombo sy ho hambinina ho an'ny Tompo.

28 Ankehitriny, misy ny—ny mpitoriteny iray eto izao maraina izao, mpitoriteny tanora iray izay tokony ho, heveriko, any amin'ny Bel Air Motel. Tokony hahita azy aho amin'ny roa ka hatramin'ny telo, amin'ity tolakandro ity. Ary, na, ato ve izy, efa? Satria, adinoko hoe iza no anaran'ilay rahalahy. Avy any Tennessee izy. Sitrana tamin'ny lamosina tapaka izy, tao amin'ny fivoriako, ary niditra tao amin'ny asampanompoana. Io rahalahy io, *etsy*. Eny àry. Mahafinaritra izany. Izany dia tany . . . Izany dia avy . . . Tamin'ny roa ka hatramin'ny telo ve ilay izy, izany ve? Izaho . . . [Hoy ilay rahalahy hoe, "Telo."—Mpand.] Telo; amin'ny telo ka hatramin'ny efatra. Eny àry.

29 Ary avy eo dia misy mpitoriteny iray hafa, tsy fantatro na eto izy na tsia. Avy any British Columbia avaratra lavitra any izy. Indray andro, rehefa niezaka namatotra harona sasantsasany aho, teo ambonin'ireo soavaly vitsivitsy, heveriko, na zavatra iray; nanana volombava aho saiky tahaka an'*izao* ny halavany, niverina avy tamin'ny dia fihazana iray; taona maro lasa izay.

Nanatona ny lehilahy iray ka nanao hoe, "Tsy ianao ve no Rahalahy Branham?"

30 Nihaona tamin'ny ramatoa tanora iray aho tao amin'ny magazay iray, izay nilaza fa izy dia tsy nahita mihitsy veh-. . . na—na tsy nahita mihitsy ny tanàna, tanàna goavana iray. Ary ataoko fa tany amin'ny efatra na dimanjato maily niala tamin'ny tanàna iray izy, angamba mihoatra noho izany, an-jatony maily avy amin'ny làlana kivatovato iray, tao amin'ny tanàna kely iray antsoina hoe East Pines. Heveriko fa misy magazay anankiray any. Tany lavitra tany, no nandehanan'io mpivady io.

31 Ary eny amin'ny làlany mankany Cuba izy ireo. Manontany aho raha eto izy ireo izao maraina izao, hia, avy any British Columbia avaratra? *Eto* mihitsy. Eny, ho tahiana ny fonao, rahalahy. Faly izahay ny manana anao sy ny vadinao, misionera, manao dia manerana. Niantso ahy, aninkeo maraina, endriky ny—avy tany amin'ny Star Motel. Ny Tompo hitahy anareo. Fantatro fa ireo rahalahintsika rehetra dia ho faly ny handray ny tànan'izy ireo. Ary lehilahy iray izay, tamin'ny alàlan'ny sary iray, no nahafahany nahafantatra ahy nanao an'io volombava rehetra io, nanana famantarana tsara iray. Tena mahafinaritra.

32 Ary tena nahery fo izy ireo, ilay làlana izay tsy nisy olona, saiky, tany ambony tany East Pines. Ary izany dia ho, ho sarotra ny hilaza hoe olona vitsy toy ny ahoana no misy manerana an'io faritra io, saingy, kanefa, tany ambony tany izy ireo ho misionera, miezaka manao zavatra ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Mankasitraka azy ireo amin'ny foko rehetra tokoa aho. Fantatro fa tianareo rehetra ny handray ny tànan'izy ireo sy handre mikasika an'ilay faritra avaratra-andrefana lehibe. Ary, ankehitriny, noho izany ny. . .

33 Mino aho fa mbola tena marary foana ny renin-dRtoa. Roberson. Tsy maintsy hijery azy aho amin'ity tolakandro ity, ary tsarovy ny hivavaka ho azy. Izany dia ho. . . Ary avy eo, raha sitraky ny Tompo, dia hiverina eto indray aho amin'ny fito sy sasany rahariva. Heveriko fa iry aoriana iry ireo McSpaddin, satria handeha hisakafo miaraka amin'izy ireo izahay manodidina eo amin'ny enina ora eo, ary hanome anay fotoana hiverenana.

34 Ary avy eo dia te-hamangy an-dRtoa. Burns izahay. Ato ve Rahalahy Burns, izao maraina izao? Eto ve izy? Eny. Tsy nahita anao aho, Rahalahy Burns, mipetraka. Ranabavy Burns dia tena marary, tena marary.

35 Ary tany aho indray hariva, mba hijery azy, ary tena marary izy. Ary fanahy iray mahery fo izy. Ary tianay ny olona rehetra hifikitra tsy ankitsahatra amin'Andriamanitra, satria, maneho an'izany amin'io fomba io, tsy mahafantatra hoe iza no ho eto; saingy hila fahagagana iray avy amin'Andriamanitra

ny hitondra an-dRanabavy Burns hiverina hankaty amin'ny fiangonana indray. Marina izany.

36 Nefa, ny vady malalany dia vao avy nandao ny hopitaly tany, tao amin'ny Veteran's Hospital, niaraka tamin'ny homamiadana, voaozona ho faty, fa nanasitrana azy Andriamanitra. Ary indro izy, miverina ato am-piangonana, ary miaraka amin'ny fahasalamana tena tsara indray arak'izay azo antenaina amin'izao karazam-potoana izao. Ary rehefa nanasitrana azy tamin'ny vay lehibe nihitatra ny Tompo, niaraka tamin'ny homamiadana tao anatin'izany, ilay zavatra iray ihany, taona sy taona maro lasa izay.

37 Ary tsaroako ilay tena fotoana, raha mbola nipetraka teo Rahalahy Wood. Tao aho teo amin'ny fakan-drivotra kely iray. Tany anaty ala izahay, nihaza vontsira, ary nisy Zavatra nilaza tamiko hoe, "Mandehana mody." Nandeha nody aho. Ary nahoana aho no tsy maintsy nandeha nankany Louisville, tsy ho fantatro mihitsy. Ary Rahalahy Wood, nandeha nanodidina an'i Louisville, namily fiara tany amin'ilay vondron-trano tsy izy, nanodidina, nanodidina, nanodidina, niezaka ny haka ahy. Dia nihazona ahy teo amin'ny zoron-dàlana iray Andriamanitra, niandry an-dRanabavy Burns ho avy hiteny amiko. Ary izy izany, io vehivavy mahery fo io, no tonga niteny tamiko fa teo ampahafatesana tany amin'ilay hopitaly ny vadiny, rehefa nandeha tany izahay ka nivavaka.

38 Ary nidina izy, ka naka an'io sary io, izay nakan'ny Tompo ny Sariny, ilay Andry Afo. . . Ianareo rehetra dia efa nahita azy, heveriko. Nametraka an'izany teo amin'ny gorodona. Dia hoy izy hoe, "Andriamanitry ny Lanitra malala," hoy izy, "ampio aho mba hahita an-dRanadahy Branham avy hatrany. Tsy maintsy manao an'izany aho." Dia hoy izy hoe, "Ry Anjelin'Andriamanitra, tariho làlana ho any aminy aho." Izany no ilain'ilay izy. Dia nitsangana izy, ary nandeha nankany antanàna, mba handoa tapakila ilaina iray, ary voatarika tamimpahagagana teo amin'ny zoron-dàlana iray hafa. Ary naniraka ahy avy tany anaty ala Andriamanitra, nankany Louisville, ary nihazona ahy teo amin'ilay zoron-dàlana nandritry ny antsasak'adiny, nandinika an-dRahalahy Wood nihodina foana teo amin'ilay zoron-dàlana tsy izy tany, niezaka ny haka ahy, niezaka izy. Hitanareo?

39 Ankehitriny, fantatsika fa Andriamanitra dia mahafantatra hoe aiza no mandry any ny Zanakavaviny kely, ary mety miandry anareo hivavaka an'ilay vavaky ny finoana Izy. Hanao an'izay rehetra vitantsika isika.

40 Zavatra iray hafa izay tianay ho lazaina izao maraina izao, tsy miaraka amin'ny loha miondrika fotsiny ihany, fa ireo fo, ho an'ny iray amin'ireo lehilahy mahatoky indrindra izay izaho. . . iray amin'izy ireo, izay hany nihaonako teo

amin'ny fiainako, dia ny Rahalahintsika Higginbotham. Ny . . . Ny anabavy malalantsika dia lasa mba hiaraka amin'ny Tompo Jesosy. Miaramila mahery fon'Andriamanitra; impiry no efa nahitako azy nanatona ny alitara! Ny faniriany fatratra dia, isan'andro, ny ho tonga teo amin'io laharam-bavaka io, izay hitenenan'ny Fanahy Masina aminy hoe inona ny olana. Naniry fatratra ny hanao an'izany izy. Ary impiry no nandehanany mitety an'ity lampihazo eto ity, niezaka ny hahita raha ilay famantarana no—no ho tonga. Ary niezaka izy tao amin'ireo fivoriana hafa sy toerana hafa, saingy tsy tonga fotsiny izao ilay izy, na ahoana na ahoana.

41 Ary noho izany, herinandro vitsy lasa izay, niditra tao amin'ilay hopitaly tany aho, rehefa reko fa narary izy, ary efa tara izany tamin'ny hariva. Ary rehefa niditra tao amin'ilay hopitaly aho ka nipetraka teo anilany, dia nidina teo ny Fanahy Masina; ary niverina avy hatrany nankany amin'ny fiainana ka nanambara ny zavatra rehetra, ary nampiseho an'izany marina tokoa hoe taiza ilay olana. Fa, ilay zavatra hafahafa dia, tsy naniry ny hijanona teto intsony akory aza Ranabavy Higginbotham. Te-handeha izy. Nisy Zavatra niantso azy. Namaly an'io antso io izy indray andro mba handeha hiaraka amin'Andriamanitra. Ary ho tsaroako foana izany. Hia. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

42 Tsy mahagaga raha mahatsapa ho marary ianareo rehefa tonga ao amin'ilay tanàna; mandà ny Filazantsara izy. Izany ilay olana. Ary voaozona izy. Ho tsinontsinona ilay tondra-dranon'ny '37, mandra-pifaran'ity. Fa, eny, voaozona izy, tanteraka tokoa. Ary izany no antony hoe eo amin'ny rindrina ilay sora-tànana.

43 Ary, ankehitriny, tena mampalahelo ilay izy. Ary isika no manana an'ilay fananana, ireo zavatra manerana eto, nefa nandre aho indray andro fa ny sasany tamin'ireo rahalahintsika dia nahazo tapakila nohon'ny nametrahana fiara teo amin'ny sisin'ny tanim-piangonana eo mihitsy aza. Fahafaham-baraka iray toy ny inona! Haloako io tapakila io raha hampahafantarinareo ahy fotsiny hoe inona ilay izy. Mampalahelo izany. Eny, tompoko. Eny, isika, ity, heveriko fa raha ilay . . . heveriko fa mbola manana an'izany foana isika. Farafahakeliny, dia ilay didim-pananana no milaza an'izany. Milahara eo amin'ity mihitsy, ary tsy hahazo tapakila iray angamba ianareo eo. Saingy faly aho fa mandeha mankany amin'ny toerana iray izay tsy amiliantsika fiara mahazo tapakila isika. Ary ianareo? Marina izany. Mahafinaritra. Eny, tokoa. Ankehitriny, izaho tsy . . .

44 Hiezaka hiresaka vetivety fotsiny aho, izao maraina izao, satria tratry ny tena serin'ny loha aho, ary tsentsina. Ary—ary te-haka lohahevitra iray avy ao amin'ny Testamenta Taloha aho, ary hampianatra vetivety fotsiny, raha sitraky ny Tompo. Ary amin'izay fotoana izay angamba, rahariva, raha miverina

aho, raha sitraky ny Tompo, miverina ara-potoana, ary tsy reraka loatra.

45 Oh, izaho dia sendra nieritreritra, ihany koa. Rahalahy Kelly mipetraka eto, ary Ranabavy Kelly, dia tokony ho tonga, mihitsy amin'ny . . . Tongava haingana arak'izay vitanareo, aorian'ny sakafo, satria hivoaka marina mihitsy tokoa aho amin'ity tolakandro ity, miaraka amin'ny karazan-javatra betsaka, Rahalahy Kelly. Tsaroako indray hariva, tany, niainga aho ho an'ny antso iray rehefa tonga ianareo rehetra. Eny àry. [Hoy ny anabavy iray hoe, "Ho avy ve ianao, Ranadahy Branham?"—Mpand.] Ankehitriny, izany dia—mety tsara izany, ranabavy.

46 Ankehitriny, noho izany, dia mivavaha ho ahy, ary mivavaha ho an'ny . . . ireo fanapahan-kevitro, an'ny Tompo, ho—ho Azy anie izany, ny tsara indrindra izay vitako.

47 Ankehitriny, te-hamadika ao amin'ilay Boky tranainy isika, ilay tranainy, ilay farany . . . Ilay Boky voalohany, ny Genesisy 35, ary maniry isika ny hamaky ampahany kely fotsiny an'ny Soratra eto avy ao amin'ny Bokin'ny Genesisy. Ary mivavaka isika mba hanampian'Andriamanitra betsaka ny Fitahiany ho fototry ny zavatra iray izay iriantsika hampianarina.

48 Ary firy no tia sekoly Alahady? Oh, izany dia . . . Firy no mahafantatra hoe taiza no nanombohan'izany? Tsy mahita tànana iray aho. Ilay izy dia karazan'ny . . . Firy no mahafantatra hoe inona no niantsoana azy voalohany? Aiza ny vadiko? Tokony ho fantany izany. Eny àry. Izany dia . . .

49 [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Rahalahy Branham?"—Mpand.] Hia? ["Mision- . . . Misy misionera iray hafa eto izao maraina izao."] Misionera iray hafa. Andriamanitra hitahy anao. ["Rahalahy Naber."] Rahalahy iza? ["Rahalahy Naber."] Rahalahy Naber, aiza izy? Hanangana ny tànanao ve ianao, Rahalahy Naber? Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Miaraka aminao ve ny vadinao? Tena mahafinaritra izany. Faly izahay ny manana anao sy ny fianakavianao miaraka aminay izao maraina izao. Fantatrao fa ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra ianao. Hitanao? Tsy maintsy ho izany ianao, rehefa misionera iray, hitanao. Satria, ny baiko ankapobeny dia hoe, "Mandehana mankany amin'izao tontolo rehetra izao ary mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra."

50 Ny lehilahy izay misionera iray! Ankehitriny, izaho tsy—tsy miraharaha be loatra aho . . . *Misionera* dia teny iray mahafinaritra, saingy manana teny iray tsaratsara kokoa ho an'izany aho. Apostoly iray ianao. Hitanao? Marina izany. Ankehitriny, inona no dikan'ny teny hoe *apostoly*? "Anankiray izay nirahina." Inona no dikan'ny teny hoe *misionera*? "Anankiray izay nirahina." Ilay zavatra iray ihany izany. Noho izany, misionera, mpaminany, evanjelista, mpampianatra, ary

pasitera, no manamboatra ny Fiangonana. Marina ve izany? Apostoly, mpaminany . . . no iantsoan'izy ireo. Noho izany, raha mbola misionera iray foana ianao, na apostoly iray, dia anankiray nirahin'Andriamanitra ianao, ho amin'ny fanirahana iray, ary marina foana ianao. Andriamanitra hitahy anao, izany no—no fivavako.

51 Eny amin'ny làlany mankany Cuba Rahalahy sy Ranabavy Foss, ho any amin'ireo saha. Mandeha avy any amin'ireo faritra mamanala an'ny avaratra, mankany amin'ireo aty ala mafana an'ny atsimo, satria tsy maintsy toriana any amin'izao tontolo rehetra izao ity Filazantsara ity. Amena. Fiovana iray toy ny inona!

52 Avy aiza ianao, rahalahy? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Handeha hankany Isiraely ankehitriny, rahalahy."—Mpand.] Handeha hankany Isiraely.

53 Oh, ho tiako . . . Hitako i Mabel mipetraka ery aoriana ery, hiantso ny vadiko sy i Mabel aho, hihira ho anareo:

Tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
Tonga avy any an-tany lavitra izy ireo,
Mba hifety miaraka amin'ilay Mpanjaka, mba hisakafo toy ny Nasainy;
Voatahy toy ny ahoana ireto mpivahiny ireto!
Mibanjina ny Tavany masina,
Mamiratra amin'ny hazavana Masina;
Mpandray anjara voatahy amin'ny Fahasoavany,
Hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

54 Tsy hahafinaritra ve izany amin'izany andro izany! Amena. Ny Tompo hitahy anao, hankany Isiraely; ary ianareo, mankany amin'ny toerana handehananareo; izany no tso-dranoko ho anareo rahalahy izao maraina izao. Amena.

55 Ankehitriny, alohan'ny hanokafantsika ny Baiboly . . . Fantatsika fa ity dia lahateny, fa Andriamanitra no manana ny foto-kevitra voasoratra eo anelanelan'ny andalana, hitanareo. Noho izany, afaka mamaky ny lahateny fotsiny isika ka mamela an'Andriamanitra hanome antsika ny foto-kevitra. Noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, ho an'ny vavaka.

56 Ry Rainay any An-danitra, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, no ivavahanay mba Handraisanao an'ireto Teny izay hovakianay ireto ankehitriny, ka hitondra Azy ireo avy hatrany ao am-ponay. Ary mamelà anay ho tonga moramora, am-pilaminana, am-panetre-tena, am-panajana, ao amin'Ny Fanatrehanao. Ary enga anie ny Fanahy Masina haka ny Tenin'Andriamanitra ka hamahana ny fo tsirairay. Ampidiro ao ny ahy, Sitrakao ve, Tompo? Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy aho. Amena.

57 Eny àry, hamaky andininy iray na roa isika, eto, mba ahafahantsika mahazo fototra kely iray fotsiny. Genesisy dia tokon'ny voa, fantatsika. Eny àry. Hanomboka amin'ny andininy faha-15 isika.

> *Ary nisy lehilahy iray nahita azy, . . . indro, nirenireny tany an-tsaha izy: dia nanontany azy ilay lehilahy, nanao hoe, Inona no tadiavinao?*
>
> *Dia hoy izy hoe, Mitady ny rahalahiko aho: teneno amiko, miangavy anao aho, . . . iandrasan'izy ireo ny ondriny.*
>
> *Ary ilay lehilahy—ary hoy ilay lehilahy hoe, Niala* teto *izy ireo*; *fa efa reko izy ireo nanao hoe, Ndao isika hankany Dotana. Dia lasa Josefa nanaraka an'ireo rahalahiny, ka nahita azy ireo tany Dotana.*
>
> *Ary rehefa nahatazana azy teny lavitra izy ireo, talohan'ny nanakaikezany azy ireo mihitsy aza,* tamin'izany . . . *hamono azy izy.*
>
> *Dia nifampiresaka izy ireo hoe, Indro, tonga io mpanonofy io.*

58 Ary enga anie ny Tompo hanaiky an'ireo Fitahiany ho an'Ny Teniny. Ankehitriny, Genesisy isan'andro dia, ho ahy . . .

59 Efa niteny taminareo ve aho hoe toko inona ilay izy? Izany dia Genesisy. Mino aho, raha hitako, Genesisy 37, ary manomboka amin'ny andininy faha-15, ary ianareo izay mandray naoty azy. Ankehitriny isika . . . Mino aho fa nilaza hoe 35, vao teo. Naka pejy roa niaraka aho. Izaho dia—miala tsiny aho. Ilay Baiboly Scofield tranainy kely, ary somary sarotra ho ahy ny mamaky, satria efa nihoatra ny efapolo taona aho, fantatrareo. Ary ny . . .

60 Miteny amiko izy ireo fa tokony hanana solomaso famakiana iray aho. Nandeha aho ary nanao fizahana ny masoko, rehefa tonga teo amin'izay tsy maintsy nanohizako nanosika ny Baiboliko nanalavitra ahy aho. Ary miteny amiko ilay dokotera fa tsy ho tena lava ny sandriko, afaka kelikely, mba hamerina azy. Ary izaho tsy maintsy . . . Nilaza izy fa mila solomaso famakiana iray aho. Nizaha ny masoko aho, ary nitsapa izy ireo dia tanteraka, folo-folo. Fa afaka nahita volo iray nipetraka teo amin'ny gorodona aho, tany ho any, mora mihitsy. Fa napetrany nanakaiky ahy ilay izy . . . Hoy izy hoe, "Rehefa ianao no lasa . . . " Hoy izy, "Inona no manao ny volonao ho fotsy?"

Hoy aho hoe, "Tsy fantatro."

61 Hoy izy hoe, "Fahanterana ilay izy." Ha-ha-ha! Hoy izy hoe, "Izany no tsy mety amin'ny mason'ny olona iray rehefa mihoatra ny efapolo taona ianao. Ianao, raha ny marina, lasa fisaka ireo voamasonao. Ary ianao fotsiny dia tsy maintsy—tsy maintsy mahazaka an'izany, izay ihany." Ary manohy

manemotra an'izany fotsiny aho. Ary, eny, tsy manam-potoana handehanana aho, fa izaho—handeha aho indray andro any, ka hividy fa—famakiana iray hamakiana, rehefa handeha hampianatra betsaka aho. Fa ankehitriny dia mamaky lahateny iray fotsiny aho dia manohy. Ary ity dia . . . Efa an-taonany maro lasa izao no nananako an'ity Baiboly ity, ary ilay izy dia tena, vita printy manify fatratra mihitsy.

62 Ankehitriny, ao amin'ny Genesisy, *Genesisy* dia midika hoe "ny fiandohana," ny tokon'ny voa. Ary tsarovy, fa, ny zavatra rehetra izay misy androany, dia nanomboka tokoa tao amin'ny Genesisy. Izany no fiandohan'ny zavatra rehetra. Izany no fiandohan'ny—ny famonjena. Izany no fiandohan'ny fahotana. Izany no fiandohan'ny fombam-pivavahana rehetra. Izany no fiandohan'ilay Fiangonana marina. Izany no fiandohan'ilay fiangonana sandoka. Izany no fiandohan'ny fahamarinana. Izany no fiandohan'ny famitahana. Izany no fiandohan'ny zavatra rehetra, nanomboka tao amin'ny Genesisy.

63 Maniry aho ny hananantsika eo amin'ny telo volana eo mihitsy eo amin'ity, hijanona eo amin'ity lohahevitra anankiray ity mihitsy, ary hangady an'izany fotsiny, hamatotra an'izany amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny tadin'Andriamanitra, ka handrakotra azy miaraka fotsiny. Ary diniho hoe toy ny ahoana fotsiny no itovian'ny Teny tsirairay mihitsy amin'ireo Teny hafa. Tena zavatra iray tsara tarehy!

64 Tena feno tsindrimandry ny Tenin'Andriamanitra! Tsy mampaninona izay taona, izay fotoana, ny olona rehetra izay hany namaky an'ity Lahateny ity, amin'ny alàlan'ny . . . Izany dia efa voasoratra ankehitriny nandritry ny an-jato taonany, hia, saiky manakaiky ny telo arivo, mihoatra, taona. Ary ny olona rehetra izay hany namaky an'ity Lahateny ity, tao amin'ny taona tsirairay, dia voatsindrimandrin'Izany, hitanareo, ny andininy tsirairay an'ny Soratra. Tsy misy na inona na inona hany afaka haka ny Toerany.

65 Ny soratra iray izay voasoratra tany aoriana tamin'ny andro iray hafa, rehefa novakiana ho an'io taona io izany sy ho an'ny tanjony, dia nilamina hatreo. Afaka manoratra taratasy iray ho anareo aho, ka manao hoe, "Ry rahalahy malalako, tany amin'ny toerana anankiray aho androany ary nanao an'izao-sy-izao, fotoana iray." Mandeha mivantana mankany aminareo izany, ary milamina hatreo izany. Angamba ho an'ny porofo ara-pitsarana na zavatra iray, mety ho entina ho porofo iray manohitra ahy na momba ahy izany, mba hanaporofoina zavatra iray amiko, na hanaporofoina zavatra iray manohitra ahy, saingy tsy ho hafatra mivantana ilay izy tahaka azy fony izy nomena anareo.

66 Fa tsy tahaka an'izany ny Baiboly. Nomena ho an'ny taranak'olombelona Izy, ary ho an'ny fotoana rehetra sy ho an'ny taona rehetra, satria Tenin'Andriamanitra voasoratra

Izy. Hitanareo? Tsy mety diso mihitsy Ny Teniny. Tsy ho faty mihitsy Izy ireo, ary raha mbola misy Mandrakizay iray foana, mandrakizay sy mandrakizay, dia mbola hanana an'ireo dikany iray ihany foana izy ireo, satria avy amin'ny molotr'Andriamanitra Izy ireo fahiny. Hitanareo? Tsy mety diso! Eritrereto fotsiny izany, hoe Mandrakizay toy ny ahoana ny Tenin'Andriamanitra. Fiainana Izy ireo.

67 Ankehitriny, inona ny teny iray? Ny teny iray dia fisainana iray izay voaseho. Ary vantany vao mieritreritra zavatra indray mandeha Andriamanitra, dia fisainana iray fotsiny izany. Fa vantany vao voaseho izany, dia tsy afaka ovaina na miova intsony. Tsy maintsy mijanona ho mandrakizay izany.

68 Satria, ny teninareo dia izay maha-izy anareo tsara mihitsy. Ny Tenin'Andriamanitra dia izay maha-izy Azy tsara mihitsy. Ny teninareo dia ampahanareo. Ny fampanantenanareo dia izay mety maha-izy anareo tsara mihitsy. Ary ny fampanantenan'Andriamanitra dia izay mety maha-izy Azy tsara mihitsy.

69 Ankehitriny, amin'ny maha-mety maty iray, dia afaka manao fampanantenana iray ianareo ary tsy maintsy hanimba an'izany, satria mety maty iray fotsiny ianareo. Mety maty iray fotsiny aho. Fa, Andriamanitra, satria tsy mety maty, sy tsy manampetra, ary faratampon'ny hery, manatrika mandrakariva, manao fanambarana iray Izy, ary mahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany Izy, ary afaka mihazona an'izany Izy.

70 Abrahama dia niantso an'ireo zavatra izay tsy nisy, ho toy ny nisy, satria resy lahatra tanteraka izy fa, izay nampanantenain'Andriamanitra, dia hain'Andriamanitra tanterahina, satria tsy ho nanao an'ilay fampanantenana mihitsy Izy raha tsy efa Fantany izay hiseho.

71 Hitanareo ve hoe ahoana no ahafahantsika mitsahatra eo ambonin'Ny Teniny arak'izany? Tsy mampaninona na mafy toy ny ahoana aza no itsofan'ireo tafio-drivotra, izay mifanohitra amin'Izany, mijanòna am-panajana eo ambonin'ny Teny. Andriamanitra no nilaza an'Izany, Izay efa nahita ny ilany hafa an'ilay tafio-drivotra. Hitanareo? Noho izany, raha marary ianareo, dia ampifikiro ao amin'ilay Seranam-Pitsaharana fotsiny ny fanahinareo. Raha saikatra sy sahiran-tsaina ianareo, dia tsarovy, hoy Izy hoe, "Homba anareo isan'andro Aho, hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao mihitsy aza." Ary Izy dia . . . Hoy Izy hoe, "Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia ny Tompo," noho izany dia mijanòna tsara eo mihitsy.

72 Nanoratra ny lehilahy anankiray, nanoratra ny poety hoe, "Mamikitra ao anatin'ilay voaly ny vatofantsiko." Inona ny voaly iray? Izany dia zavatra iray izay manasaraka eto avy Etsy. Ary ao anatin'ilay voaly ny vatofantsika. Tsy hitanareo hoe ahoana no

hisian'izany, saingy fantatrareo fa misy zavatra izay mihazona anareo, izay mihazona Any ambony any.

73 Ary rehefa mitsoka sy mifofofofo ny ranomasina, ianareo ve efa mba . . . Ataoko angamba fa ny sasany aminareo dia tsy mbola nanana tombontsoa nahita sambo iray niantsona tamin'ny vatofantsika mihitsy. Oh, oadray! Efa nitaingina azy ireny aho rehefa nanipy vatofantsika iray tany an-dranomasina tahaka an'*izao* izy ireo, mandra-pahatongan'ilay sambo kely tsy afaka nandeha teo an-tampon'ny—ny onja akory aza. Nandeha nitety an'ilay onja izy. Fa raha mbola namikitra foana ilay vatofantsika, dia izay ihany no manao ny fahasamihafana rehetra.

74 Na mandeha eo ambonin'izany isika, ao ambanin'izany, manodidina an'izany, na mitety an'izany, dia tsy mampaninona; mamikitra ilay vatofantsika. Tahaka an'izany ilay izy rehefa manomboka manozongozona antsika ireo tafio-drivotry ny fiainana. Mety tsy maintsy mitety isika, mety tsy maintsy mandeha eo ambony isika, ambany, manodidina, fa avelao fotsiny hamikitra ao anatin'ny voaly ilay vatofantsika, mankao amin'ny tsy hita maso. Tsy fantatsika marina tokoa hoe aiza no misy azy, fa mamikitra izy.

75 Tahaka an'ilay zazalahy kely fotsiny, fantatrareo, izay nanana an'ilay papango. Efa nandre an'ilay ohabolana fahiny ianareo, ilay tantara. Nanao hoe, "Ahoana no ahafantaranao fa manana papango iray ianao eny amin'ny tendrony eny?"

Hoy izy, "Mbola afaka mahatsapa azy misintona foana aho."

76 Noho izany, izay ilay izy. Raha tsapantsika fa mbola misintona foana ilay izy, Andriamanitra mifanaraka amin'ny fontsika, amin'izay fotoana izay dia fantatsika fa mbola mamikitra foana ny vatofantsika antsika.

77 Mino aho fa i Benjamin Franklin no nanidy ny tselatra tao anatin'ny tavoahangy, izay nahafehy ny tselatra, herin'aratra. Nisy zavatra niantso tao anatiny, ka nanao hoe, "Misy hery ao anatin'io. Azo fehezina io hery io." Ary raha mahery izany, mba hitifitra an'ireo làlambe sy hanapoaka an'ireo hazo, hampisaraka ny tany, dia inona no azon'izany hatao raha vantany vao voafehy izany? Hanazava izany, ary hanjelatra, ka hahatratra ny tany manontolo. Ary Benjamin Franklin, mino aho, dia nanjono teo ambonin'ny papangony, niaraka tamin'ny fanalahidy iray nifatotra teo amin'ny tendron'ny rambony, sy tavoahangy iray teny ambany. Ary rehefa azony izany, dia tsy fantany izay azony, fa nanomboka niantsoantso izy hoe, "Azoko ilay izy! Azoko ilay izy!" Tsy fantany hoe inona ilay izy; tsy fantany hoe hanaovany inona izany; saingy fantany fa nanana zavatra iray izy.

Ary tahaka an'izany ilay izy amin'ny olona rehetra hoe ireo:

Fanantenany dia tsy miorina eo amin'ny inona na inona
Afa-tsy ny Ràn'i Jesosy miaraka amin'ny fahamarinana;
Ary mirodana ny rehetra manodidina ny fanahiko,
Amin'izay fotoana izay dia Izy no fanantenako rehetra sy tohako.

Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

78 Vantany vao nateraka indray, dia ny Fanahy Masina no maka ny Toerany ao anatin'ny fo. Ireo olona tanora sasany dia mety tsy, na tanora, na mety tsy mahay mamaky teny, tsy mampaninona na toy ny ahoana ilay izy; tsy misy anankiray afaka hanazava an'izany, noho izany dia aza mahatsapa ho ratsy satria hoe tsy mahay mamaky teny ianareo. Tsy afaka manazava an'izany ianareo. Tsy mbola nisy olona iray mihitsy afaka nanazava an'izany, tsy mampaninona na manan-tsaina toy ny ahoana aza na mahay toy ny ahoana. Tsiambaratelon'Andriamanitra Manokana izany. Fa rehefa ny Teny no mitondra Aina ao am-ponareo, ka hitanareo Izany, dia miantsoantso ianareo hoe, "Azoko ilay Izy!" Tsy fantatrareo izay hanaovanareo Azy; tsy fantatrareo izay Hanaovany anareo; saingy fantatrareo fa nisy zavatra nitranga, ary azonareo ilay Izy.

79 Ankehitriny, noho izany, eo amin'ny Teny! Tsara tarehy izany. Ankehitriny isika dia miatrika izao maraina izao, ary manana eo anatrehantsika, eo ambanin'ny fandinihina, araka ny hevitro, ny anankiray amin'ireo lahateny tena ilaina indrindra an'ny Testamenta Taloha. *Josefa* (no horesahantsika) *Mihaona Amin'Ireo Rahalahiny*. Mety hisy fomba an-jatony samihafa no idiran'ny Fanahy Masina ao amin'ity sy hanambarany an'izany amin'ny fontsika sy saintsika. Noho izany, eo am-pieritreretana an'ity, efa andro vitsy no teto, dia mety hiresaka vetivety isika izao maraina izao, nohon'ny fihenjanana ao amin'ny tenda, ary avy eo dia haka azy indray angamba rahariva raha tsy manana na inona na inona ao am-pony ny pasitera, ary angamba hanohy an'izany hatrany sy hamarana azy amin'ny Alatsinainy hariva, raha toa ka tahaka an'izany no anomanan'Andriamanitra azy.

80 Ankehitriny, tena fantatsika tsara ireo toetoetry ny Testamenta Taloha, ahoana fa, "Ny zavatra taloha rehetra dia aloka iray," Hebreo 11, "aloka iray an'ireo zavatra izay ho avy." Tsara tarehy toy ny ahoana izany, ahoana no anaovan'Andriamanitra aloka mialoha!

81 Ary rehefa tsapantsika io aloka io, mba ilazana azy, dia fantatsika fa misy zavatra any ankoatrany eto. Ny... Andriamanitra, ao amin'ny Faratampon'ny heriny, ao amin'ny Fisainany lehibe tsy manam-petra, mahita zavatra vonona ny hitranga mihitsy, dia afaka mampitandrina an'izany mialoha

Izy. Afaka manao ny zavatra rehetra hiara-miasa Izy, na dia ny fahatezeran'ny olona aza, hidera Azy, na dia olona iray izay mitondra ratsy anareo mihitsy aza. Araka ny ho hitantsika, afaka kelikely, raha sitraky ny Tompo, hoe ahoana fa ny rahalahin'i Josefa dia nitondra ratsy azy, ka nitodika avy hatrany Izy, ary naka an'izany sy nanao an'izany hidera Azy. Noho izany, tsy manana zavatra tokony ahiana isika, tsy misy zavatra iray.

82 Ahoana fa Andriamanitra, tamin'ny alàlan'io zazalahy io, dia nanao aloka mialoha ny fihavian'ny Tompo Jesosy voalohany, sy ny fihavian'ny Tompo Jesosy faharoa, ary nampiasa an'izany rehetra izany tao amin'ny fiainana iray izay tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izay hiseho. Amena. Tsy manao zavatra aminareo fotsiny ve izany, ny mahita an'i Josefa kely mampalahelo? Nahoana, tsy fantany izay niseho, nahoana no tsy maintsy nitranga ireo zavatra rehetra ireo. Saingy Andriamanitra daholo izany, eo am-piasana, maneho mialoha, manao aloka mialoha an'ireo zavatra izay hisy.

83 Avy eo dia afaka mahamarika ny Teny ianareo, ahoana fa maka an'Izany eto ianareo ary mamaky an'Izany ao amin'ny Genesisy, mamaky an'Izany ao afovoan'ny Boky, mamaky an'Izany ao amin'ny faran'ny Boky, ary ny Teny tsirairay dia mifanaraka tsara mihitsy tahaka an'izany. Ary Izy dia voasoratra an'arivony taona mifanelanelana, avy tamin'ny lehilahy an-jatony samihafa. Hitanareo? Koa, noho izany, dia hitanareo fa Andriamanitra daholo izany. Ny anankiray tsy nahafantatra an'ilay hafa, na nahafantatra hoe inona no Boky voasoratra, na inona na inona mikasika an'Izany; fotoana iray hafa, taona iray hafa.

84 Ary afaka mahita isika, androany, fa Andriamanitra dia miasa marina tokoa tahaka ny Nataony tany aoriana tany. Mandeha mihitsy isika ankehitriny, mankany amin'ilay taona vaovao, avy amin'ny alok'ilay Fahiny. Ary ahoana fa tany amin'ny fiandohana, ahoana fa Andriamanitra, rehefa nahita ny fahotana haka ny taniny teto ambonin'ny tany sy teo amin'ny olona Izy, ahoana fa navadika ilay fandaharana lehibe; tsy nosimbaina, tsy noforonina indray, fa navadika fotsiny.

85 Hitanareo, tsy afaka mamorona i Satana. Afaka mamadika fotsiny ihany izy. Ny zavatra rehetra izay hitanareo, dia diso, fahamarinana navadika izany. Hitanareo? Raha mahita mpanao hatsarana antitra iray ianareo eny an-dàlambe, dia mpaminany iray navadika fotsiny izany. Hitanareo? Raha mahita zavatra izay ratsy ianareo, mahita lehilahy iray tsy mahatoky amin'ny voadiny amin'ny vadiny, dia izany no fahamarinana navadika ho ratsy. Mifamadika, mahita vehivavy eny an-dàlambe, mihetsika amin'ny fomba ataony ary lasa araka ny maha-izy azy ireo, dia izany no ramatoa navadika.

86 Nandalo tao Louisville aho, indray andro, izaho sy ny vadiko, ary nahita takelaka iray aho teo amin'ny varavarankely iray, izay nahatongavanay avy nihinana, tany amin'ny Fifth Street. Ary izao no voalaza, "Latabatra ho an'ireo ramatoa."

87 Hoy aho hoe, "Tsy nanana mpividy iray mihitsy izy ireo." Tsia, tsy hiditra ao ny ramatoa iray. Rehefa miditra ao izy, dia tsy ramatoa iray intsony. Hitanareo? Noho izany, tsy nanana mpividy iray mihitsy izy ireo, teo ambanin'io takelaka io. Tsy mandeha mankao amin'ireo toerana ireo ny ramatoa. Fa, hitanareo, izay mandeha mankao anatiny ao, dia ireo ramatoa navadika. Hitanareo? Eny àry.

Ankehitriny, Andriamanitra, mba hanao ny zavatra rehetra hidera Azy!

88 Mankalaza Krismasy isika, ny fahaterahan'ny Tompo Jesosy. Fa, tsy izany marina tokoa no Andro nahaterahany. Ny Andro nahaterahany dia tamin'ny Aprily. Satria, tena mangatsiaka mihitsy ny andro any Jodia, na mangatsiaka kokoa amin'ny Desambra, noho ny eto. Noho izany, dia fantatsika izany. Nahita an'ilay sary ianareo indray andro, ireo fitoeran-drano any ao anatin'ny oram-panala, sy ireo zavatra tahaka an'izany, any Jodia. Azonareo eritreretina ve ireo mpiandry ondry mipetraka any ivelany eny ambonin'ny havoana iray amin'ny toetr'andro tahaka an'izany? Fa, tsy izany ilay andro. Fa izany, ilay andro, dia tsy midika be loatra, ilay izy dia ny—ny toetra izay ananantsika mikasika an'io andro izay napetraka mitokana io.

89 Mariho ankehitriny. Vantany vao hitan'Andriamanitra ilay taranaky ny vehivavy, ary ahoana fa diso fandika izy ireo tany ary navadika ny fahamarinana, dia nanome teny fikasana iray Andriamanitra hoe amin'ny alàlan'io vehivavy io no ho tonga ny Taranaka voatahy iray. Azonareo ve ilay izy? Hisy Taranaka iray.

90 Ary vantany vao ren'i Satana mihitsy izany, izay nitsangana nanatrika, vantany vao reny izany, dia niditra izy hamotika an'io Taranaka io. Ary niezaka izy ny hanao an'izany tao amin'i Josefa. Niezaka izy nanerana ny taona rehetra. Ary mbola manohitra an'io Taranaka voatahy io foana izy. Amena.

91 Tiako ianareo hametraka ny satro-pisainanareo lalina, mandritry ny iray minitra fotsiny ankehitriny. Toy ny hoe, manao ny fiarovan-dohan'ny famonjena, ary henoy tsara ankehitriny. Ity misy zavatra tena ilaina. Ary mety tsy mifanaraka amin'izany ianareo; mety tsara izany. Fa, efa voamarikareo ve, vantany vao . . .

92 Efa nisy ny—ny fiheverana iray, satria efa niaina tsy marina i Eva ary efa nanota. Avy taiza izany? Ao amin'ny Genesisy izany. Ny olona amin'izao andro izao dia miezaka ny hahita an'ilay fitohizana banga eo anelanelan'ny biby sy ny olona.

Fanambarana izany. Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Ny menarana no namitaka ny vehivavy."

93 Amin'izao andro izao, dia afaka mifehy ny fiainam-biby ny olona, ary ny biby ananan'izy ireo akaiky indrindra amin'ny olombelona dia ny rajako. Afaka manao azy hifoka pipa iray izy ireo, mitaingina bisikilety iray, manao satroka iray, manatongilana an'izany. Izany dia mitovy fotsiny amin'ny hoe "gee" sy "haw" amin'ny soavaly iray. Feo iray izany. Tsy manana fanahy izy. Tsy afaka mieritreritra izy. Afaka mandeha fotsiny ihany amin'ny alàlan'ny feo izy. Tsy manana fanahy iray izy. Noho izany dia manana fitohizana banga iray izy ireo, eo anelanelany eto mihitsy, izay tsy nety hitany mihitsy. Ary nandritry ny enina arivo taona no niezahan'izy ireo hamoaka teny malemy anankiray avy tamin'ny rajako iray, fa tsy afaka manao an'izany. Tsy ho afaka mihitsy izy ireo. Fa, fantatsika fa fiainam-biby isika. Fiainan-java-maniry isika, avy amin'ny tany.

94 Tahaka ny nolazaiko indray andro, tamin'ny fandevenana ny anabavy malalantsika. Andiana singa enina ambin'ny folo avy amin'ny tany isika, an'ny hazavana kosmika, sy solitany, ary ireo zavatra napetraka niaraka. Teto isika rehefa niteny Andriamanitra ka nanao hoe, "Aoka hisy." Teto ny vatantsika. Fa, Zavatra iray, Fisainana lehibe iray no nampitombo antsika nankao amin'izay maha-izy antsika ankehitriny. Nanao antsika niaraka tamin'ny tànana sy sandry, sy ny sisa, tsy ny hamotika antsika, fa mba ahafahantsika ho velona mandrakizay. Ny fahotana no nanao ny fandravàna. Ary Izy Izay nanao antsika, isika izay tsy nanana he—hevitra iray ny ho eto mihitsy, Izy izay nanao antsika ka nitondra an'ireo zavatra ireo hiaraka ary nanao antsika amin'izay maha-izy antsika ankehitriny; tsy mihoatra noho izany ve no Ahafahany, amin'ny fanomezana antsika safidy malalaka hanaiky an'izany, ary amin'ny alàlan'ilay Teny iray ihany izay namorona antsika, no nampanantena antsika fa hanangana antsika indray Izy. Tsy mihoatra noho izany ve no ahatongavan'io solitany rehetra io miaraka, sy ireo atoma, sy ny sisa, ao amin'ny . . . amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra!

95 Ankehitriny, tamin'ny voalohany, rehefa niteny Andriamanitra, dia nitsangana teo i Satana ary reny izany.

96 Ary miezaka ny olona hahita an'io fitohizana banga io. Hoteneniko aminareo, amin'ny alàlan'ny fanambarana, raha tianareo ny handray an'izany. Io olona banga io, eo anelanelan'ny biby sy ny olona, dia ny menarana, talohan'ny nananany ny ranjony nesorina taminy. Hoy ny Baiboly hoe, "Izy no biby fetsy indrindra amin'ny biby rehetra," tsy mandady, "an'ny saha rehetra." Izy no anankiray izay namitaka ny vehivavy, tamin'ny hatsaran-tarehiny, ary nitoe-jaza izy. Ary ankehitriny, tamin'ny fanaovana an'izany, ary nahita fa tonga ny fahotana, dia nametraka ozona iray tahaka an'izany teo aminy Andriamanitra

hany ka tsy hahita fifandraisana iray mihitsy ny siansa eo anelanelan'io menarana io, araka ny fantatra amin'izao andro izao, sy ny olombelona. Fa io ny vatanareo lavo, simba, eo anelanelany, izay nampiraikitra an'ireo fiainam-biby ireo niaraka. Eo ianareo izao.

97 "Nafenin'Andriamanitra tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany, fa hambarany an'ireo zaza izay hianatra." Hitanareo?

98 Io ilay olonareo lavo, ilay menarana. Nentina avy lavitra izy . . . ilay fetsy indrindra, ilay lehibe indrindra, ilay tsara tarehy indrindra, ilay mitovy amin'ny olombelona indrindra. Ary avy eo noho io ratsy izay nataony tamin'i Eva io, no nampidinan'Andriamanitra azy hatrany amin'ny mandady iray, "Mba handeha amin'ny kibony, amin'ny androm-piainany rehetra, ary vovoka no ho sakafony." Eo no ahafahan'ny siansa hahatongavana hatreo, ary nazera ny hazon'izy ireo.

99 Mariho, ankehitriny, vantany vao hitan'ny vehivavy fa izy . . . ilay . . . Ankehitriny, voafitaka izy. Tsy izy no nitondra ny fahotana. Voafitaka izy. Nihevitra izy fa marina ilay izy. Fa, "Tsy Adama no voafitaka," hoy ny Baiboly. Fantany fa diso ilay izy, fa nasainy nanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'ilay bibidia izy.

100 Ary niteraka ny lahimatoany izy, ka, ny toetran'ny devoly rehetra dia tao anatin'io zazalahy io. Mpamono olona iray izy. Nialona izy. Ahoana no ahafahan'izany ho tonga avy amin'io onin'Andriamanitra madio io? Tsy maintsy avy amin'ilay ratsy izany. Ary vantany vao nanao an'io izy, tamin'izay fotoana izay izy, ny devoly, no nampiasa ny fitaovany.

101 Niteraka ny zananilahy faharoa izy, izay nitovy tamin'i Adama, ary i Abela izany. Ary, haingana mihitsy, no niezahan'ny devoly namotika an'io taranaka marina io. Dia nitodika izy ka namono an'i Abela, eo am-panombohana; izay tandindon'i Jodasy sy Jesosy. Namono azy teo amin'ny alitara; teo amin'ny, Jesosy, namonoan'i Jodasy—namono an'i Jesosy, namadika Azy tamin'ny volafotsy madinika telopolo ka nivarotra Azy. Eny àry.

102 Fa, mariho. Rehefa nanao an'izany izy, tamin'izay fotoana izay Andriamanitra, tandindona iray an'i Kristy, ny fahafatesana sy ny fitsanganana, nanangana an'i Seta Izy haka ny toerany. Hitanareo? Dia nanenjika an'i Seta ny devoly.

103 Diniho ankehitriny. Elabe, talohan'ny fandravàna talohan'ny safo-drano, dia nisy taranak'olona lava izay tonga tamin'ny alàlan'ireo zanak'i Kaina, avy tany amin'ny tanin'i Noda, ary siantifika izy ireo, nanan-tsaina, mahay, lehilahy nahafinaritra. Nandrendrika vy mihitsy aza izy ireo. Nanorina trano izy ireo. Fandrosoana iray nahafinaritra izy ireo. Manohy ny Baiboly ka nilaza fa niasa tamin'ny varahina izy ireo, ahoana fa niasa tamin'ny vy izy ireo.

Fa, ity vondrona hafa ity dia mpirenireny.

104 Saingy, ireo vondrona roa ireo dia samy mpivavaka. Mpivavaka i Kaina. Mpivavaka i Abela. Ary nanao tsipika iray Andriamanitra, izay marina. Kaina dia mpivavaka mihitsy tahaka an'i Abela. Samy nanorina alitara izy roa. Samy nino an'Andriamanitra izy roa. Samy nanompo an'Andriamanitra izy roa. Samy nitondra fanomezana izy roa.

105 Ankehitriny dia diniho ireo taranaka roa ireo. Ny anankiray, niady; niezaka namotika an'ilay Taranaka marina ilay ratsy. Ary niezaka hamotika an'i Abela izy; nanao izy, saingy nanangana an'i Seta Andriamanitra haka ny toerany. Nihevitra izy fa nahazo an'i Jesosy teo mihitsy. Jereo manerana ny taona, hatraiza hatraiza. Izy, ny toerana rehetra izay nahatongavany, dia notereny teny amin'ny zorony io Taranaka io. Rehefa namono anankiray izy, na ilay hafa, dia nihevitra izy fa azony Io. Ary, farany, izy—nanenjika an'i Jaona Mpanao-batisa izy, farany dia notapahany ny lohany. Nihevitra izy fa nahazo Azy tamin'izany, saingy hitany fa tao amin'i Jesosy Izy. Novonoiny ireo zazakely rehetra. Ary, Mosesy; niezaka izy ny hamono an'i Mosesy. Niezaka tamin'ny fomba rehetra izay vitany izy mba hamotehana an'io Taranaka io, ary rehefa namono an'i Kristy teo Kalvary izy; saingy nanangana Azy indray Andriamanitra, tamin'ny andro fahatelo, ary avy eo dia nandefa ny Fanahy Masina hiverina mba hiantso an'ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra Izy. Ary io taranaka ratsy, mpivavaka iray io ihany no mbola manenjika an'io Taranaka marina io amin'izao andro izao. Hitanareo ve izany? Miezaka hamotika an'io Sampan'Andriamanitra marina io izy.

106 Ankehitriny, ireo lafiny roa, raha mahamarika ianareo, dia nanomboka tao amin'ny Genesisy, ireo lafiny roa dia samy mpivavaka. Ny iray tamin'izy ireo, ara-anaram-piangonana, mpieboebo. Ary ilay iray hafa, manetry tena, mandeha ao amin'ny Fanahy, amin'ny alàlan'ny fanambarana.

107 Ahoana no mba nahafahan'i Abela nahafantatra fa zanak'ondry iray ilay izy raha tokony ho voankazo avy any an-tsaha? Satria voambara taminy izany, tamin'ny alàlan'ny fanambarana Masina.

108 Nilaza an'ilay zavatra iray ihany Jesosy, rehefa niaiky Azy ho ny Zanak'Andriamanitra i Petera. Hoy Izy hoe, "Tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao, fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an'izany taminao. Eo ambonin'ity vatolampy ity . . . " Ilay vatolampy, fa tsy Petera, tsy Jesosy, fa eo ambonin'ny fanambarana Masina. "No Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Azonareo ve ilay izy? Fanambarana Masina izany.

109 Diniho ankehitriny. Ny ezaka tsirairay, an'ny fotoana, eo, nihaona nifanatrika izy ireo ary niady an'izany. Jereo rehefa

teny an-tampon'ny havoana i Moaba, ary teny amin'ny lohasaha i Isiraely. Ary nangataka fotsiny i Isiraely amin'ny maha-rahalahy, lehilahy mihaja, mba handalo eo amin'ny tanin'izy ireo, handeha hankany amin'ilay tany nampanantenaina izay nampanantenain'Andriamanitra azy ireo; nangataka fifohazana kely iray fotsiny tao amin'ny fiangonan'izy ireo, mba ilazana azy. Handalo fotsiny amin'ilay tany, ary nampanantena fa haloan'izy ireo mihitsy aza ny ahitra izay noraofin'ny biby fiompy. Ary handalo eo amin'ilay làlamben'ny mpanjaka izy ireo, sy ireo zavatra izay hataon'izy ireo raha mandalo eo amin'ireo tany izy ireo, ary hataon'izy ireo tsara izany. Saingy, ny fialonana . . .

110 Ankehitriny, Moaba, tsy hoe tsy mahatoky ny tanin'i Moaba. Nino an'ilay Andriamanitra iray ihany izay ninoan'i Isiraely izy ireo, satria zanakavavin'i Lota izy ireo; ny zanakavavin'i Lota izay nitoe-jaza raha mbola mamo i Lota, tamin'ny alàlan'ny rainy manokana. Ary nandeha izy ireo, ary izy ireo . . . Avy teo no nipoiran'ireo Moaba ireo.

111 Ary rehefa tonga ny mpaminanin'izy ireo, ny mpampianatr'izy ireo, adalam-bola, ka nanorina alitara, alitara fito, ilay isan'ny alitara iray ihany marina tokoa izay notakiana tany. Indro i Moaba mipetraka eto, ilay tany ara-anaram-piangonana malaza mahafinaritra, voamboatra sy voahaingo tanteraka.

112 Ary teto Isiraely, holy-roller antitra kely iray nirenireny tao anatin'ireo tranolay, nifindrafindra toerana. Hoy ianareo hoe, "Holy-roller"? Azo antoka fa izany izy ireo, raha izy ireo—izany no iantsoany azy ireo, amin'izao andro izao, holy-roller.

113 Rehefa niampita ny Ranomasina Mena izy ireo, ka nanao fahagagana iray teo alohan'izy ireo Andriamanitra, dia nandramby an'ilay amponga tapaka i Miriama ka nanomboka nikapoka an'ilay amponga tapaka, ary nihazakazaka teo amin'ireo morona, niantsoantso sy nitsambikina, ary nandihy tao amin'ny Fanahy. Ary nanaraka azy ireo zanakavavin'i Isiraely, nitsambikina, niantsoantso, nandihy tao amin'ny Fanahy. Ary nijoro niaraka tamin'ny tànany nitsangana i Mosesy, angamba nihira tamin'ny fiteny iray izay tsy mbola nisy olona hany nandre mihitsy tany aloha, hira iray izay tsy nisy olona afaka nahazo. Nihira ho an'ny Tompo izy, tao amin'ny Fanahy. Raha tsy izany no holy-rollers moderina, dia tsy fantatro hoe aiza no hitadiavana azy ireo. Nanana famantarana sy fahagagana izy ireo niaraka tamin'izy ireo.

114 Ankehitriny, raha ny ara-pototra fotsiny ihany no hajain'Andriamanitra, dia jereo eto. Moaba, miteny ara-tSoratra, dia ara-pototra mihitsy tahaka an'i Isiraely. Nanana ny zavatra rehetra izay nananan'i Isiraely izy. Nanana alitara fito izy. Izany no notakian'Andriamanitra; nanana alitara fito i Isiraely. Nanana fanatitra madio fito izy. Nanana fanatitra

madio fito i Isiraely. Io i Kaina sy Abela, indray. Hitanareo? Eny àry. Nanolotra ombilahy fito izy. Nanolotra ombilahy fito izy. Nanolotra ondrilahy fito izy, niteny fa . . . nino fa ho avy Kristy. Nanolotra ondrilahy fito izy, ilay zavatra iray ihany. Ara-pototra mihitsy araka ny naha-ara-pototra azy!

115 Nanorina alitara iray i Kaina; nanorina alitara iray i Abela. Nanolotra fanatitra iray i Kaina; nanolotra fanatitra iray i Abela. Nivavaka i Abela; nivavaka i Kaina. Saingy, Andriamanitra dia nanamarina, nanaporofo fa i Abela no Safidiny.

116 Nanaporofo Andriamanitra teto fa Isiraely no Safidiny, satria nanana ivelan'ny voajanahary iray Isiraely tao amin'ny tobin'izy ireo. Na dia, niaraka tamin'ireo fahadisoany rehetra aza, dia nanana Andry Afo iray izy ireo nanaraka azy. Nanana fanaovam-panavotana iray izy ireo ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ary nampiasa ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra; menarana iray. Nanana vatolampy nokapohina iray izy ireo. Nanana famantarana sy fahagagana izy ireo tao amin'ny toby.

117 Rehefa tonga i Jaona, dia ivelan'ny voajanahary izy. Rehefa tonga Jesosy, dia ivelan'ny voajanahary ilay izy. Ary ilay fahavalo, teo amin'ny lafiny ara-pototra, dia nanenjika an'ilay ivelan'ny voajanahary foana.

118 Hitanareo ve izay ezahany atao amin'izao andro izao? Ilay zavatra iray ihany hoe, "Vonoy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra! Vonoy ireo olona ireo! Tsy misy na inona na inona amin'izy ireo!" Ireo manan-kaja, ireo olona malaza! "Vonoy izy ireo!" Rahalahy, tsy misy afa-tsy io voaloboka io izany, miolanolana manerana ny Genesisy, tonga ao amin'ny Apokalypsy.

119 Maka ny andaniko miaraka amin'ireo holy-rollers aho! . . . ? . . . Aoka izany ho inona na inona . . . Tsy mbola nahita holy-roller iray mihitsy aho. Anarana iray izay napetraky ny devoly eo amin'ilay Fiangonan'Andriamanitra izany, nefa tsy azy eo. Tsy holy-rollers izy ireo. Zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izy ireo, tsy azon'izao tontolo izao.

120 Ankehitriny, nateraky ny rainy i Josefa, ary tian'ny rainy, fa halan'ireo rahalahiny. Mariho ankehitriny, sary tanteraka an'ny Tompo Jesosy. Tiako ianareo hanamarika hoe ahoana fa nanao tandindona ny Fiainany, ao amin'ny Testamenta Taloha, natao tandindona ny zavatra rehetra ankehitriny. Mijere any aoriana ka jereo ilay sary; misy ny aloka, ary mahita an'izay pozitifa ianareo. Mariho ankehitriny, Josefa, satria tandindon'i Kristy, tandidona iray an'ilay Fiangonana, tandindon'ny Fanahy Masina. Tandindona . . . Andrian'ny fanambinana iray izy, tahaka an'i Kristy mihitsy, tahaka an'ilay Fiangonana amin'izao andro izao mihitsy.

121 Mariho, indray, fa, rehefa teraka izy, dia tia azy ny rainy ka nanamboatra palitao maro loko iray ho azy izy. Ankehitriny, loko fito tanteraka ihany no misy ao amin'ny loko rehetra. Ireo hafa rehetra dia vita avy tamin'ireo loko ireo. Ary nanana loko angamba ilay palitao tao anatiny, tamin'ny loko fito samihafa, loko mitsipitsipika, tao anatin'ny palitao izay namboarin'ilay ray. Raha mahamarika ianareo, angamba tsy azon'i Jakoba izany tamin'io fotoana io, saingy izany dia nidika hoe "Anankiray Nampanantenaina." Rehefa nanome an'ilay avana famantarana ho an'i Noa Andriamanitra, ireo loko fito, dia izany no fampanantenana, na Fanekena Anankiray. Nanao fanekena iray Andriamanitra hoe tsy handrava an'izao tontolo izao amin'ny rano intsony Izy.

122 Ary nitohy tamin'ny alàlan'i Jakoba ihany koa ny faneken'Andriamanitra, nankao amin'i Josefa. Abrahama no fifidianana, ary Isaka no fanamarinana, ary Isiraely no fahasoavana, ary Josefa no fahatanterahana. Io no hany tokana izay nanana loko fito.

123 Mahita an'i Jesosy mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana isika, miaraka amin'ireo loko, avana no manodidina Azy, ao amin'ny Apokalypsy 1. Izany no faneken'Andriamanitra tamin'ny olona. Kristy . . . Ity ilay izy. Oh, toy ny ahoana no itiavako hahitanareo an'izany! Kristy no faneken'Andriamanitra tamin'ny Olony. Tsy ireo anarampiangonana; fa Kristy no faneken'Andriamanitra.

124 Tahaka ny nankahalana an'i Josefa, dia toy izany koa no ankahalana an'i Kristy amin'izao andro izao. Tsy tehilaza izy ireo hoe mankahala an'i Kristy, saingy ireo asany no manaporofo an'izay ataon'izy ireo. Manohitra ny hetsika tsirairay mikasika Azy izy ireo; miresaha ny amin'ny Hetsiny, ireo Asany, ireo Fanaony mahafinaritra. Eny, azo antoka, izahay dia manana an'i Satana ao amin'ilay toby, ihany koa, ady lavitra iray. Izany tokoa. Ary hanondro mankany amin'ireo tenin'i Satana izy ireo. Fa, tsy ahoako izay ataon'i Satana mba—mba hiezahana hampisavorovoro. Mijanona ho tanteraka ny Tenin'Andriamanitra, ary tanteraka ny Fampanantenany. Tsy ho tiako mihitsy ny haka andaniny miaraka amin'io vondrona io.

125 Mariho, teo Izy, ilay Fanekena. "Kristy dia natao hitovy amin'ny vato jaspy sy karneola," ao amin'ny Apokalypsy. Izany ilay vato teo amin'ny tratra . . . ilay vatom-pahaterahana, raha ny marina, nanomboka tamin'i Robena hatrany amin'i Benjamina. Izany no taratr'ilay karneola sy jaspy, raha niaraka nampitaratra teo ambanin'ny Hazavan'Andriamanitra izy ireo, nanao an'ilay fanekena nanodidina an'i Kristy, ilay avana. Ary inona no resahan'izany? Robena, ilay zokiny indrindra; Benjamina, ilay zandriny indrindra! Manomboka amin'ny voalohany hatrany amin'ilay farany hoe, "Izy no ilay anankiray izay Nisy, Izay misy, ary Ho Avy; ny Faka, ilay Solofon'i Davida.

Izy no Kintan'ny Maraina. Izy no manomboka amin'ny A hatrany amin'ny Z; ny Alfa, ny Omega; ny taratr'Andriamanitra manomboka amin'ny fiandohan'ny fotoana hatramin'ny fiafaran'ny fotoana. Io izy, faneken'Andriamanitra amin'ny Olony.

126 Ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, Josefa, Davida, ireo mpaminany rehetra, dia taratra iray fotsiny. Amena. Mampitaratra, manomboka amin'ilay Taranaka marina avy tao amin'ny sahan'i Edena, ka hatramin'ny fotoana izay Hihaviany fanindroany, ao amin'ny Voninahitra, mba handray ny Olony sy Ny Fiangonany. Izay ilay izy, tsara tarehy ho jerena.

127 Josefa, niavonavona taminy ireo rahalahiny. "Nankahala azy izy ireo, tsy nisy antony," satria voatsindrimandrin'ny ivelan'ny voajanahary izy. Azonareo ve ilay izy? Nankahala an'i Abela i Kaina, tsy nisy antony, satria voatsindrimandry ivelan'ny voajanahary. Nankahala an'i Isiraely i Moaba, tsy nisy antony, satria nanana fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo, famantarana, fahagagana, ary zava-mahagaga. Nankahala azy, tsy nisy antony, ary tsy namela azy handalo . . .

128 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . haka ny vadin'ny rahalahinao. Amena. [Elanelana tsy voaraki-peo.]

129 Ankehitriny, ry sakaiza malalako, te-hitondra zavatra ao amin'ny fahatsiarovanareo aho, ka tiako ianareo hametraka an'izany ao ambanin'ny taolan-tehezana fahadimy eo amin'ny ilany ankavia, ao amin'ny tranolain'io faritra io antsoina hoe fo.

130 Tsy nisy mihitsy, tao amin'ny taona iray na tamin'ny fotoana iray, izay hany nanindrin'Andriamanitra mandry lehilahy iray, hany nandehanany nankany amin'ny lafiny ara-pivavahana, mody antsoina hoe vahoakan'izao tontolo izao mpivavaka. Tsy nanaiky anaram-piangonana mihitsy izy. Isan'andro, dia nijoro nanohitra izy, ary nanohitra an'ireo anaram-piangonana an'ilay andro, ary nanohitra ny lamina ara-pivavahana an'ilay andro. Anehoy mpaminany anankiray aho, anehoy fotoana anankiray aho manerana ny Baiboly, izay hany nanohanan'ny lehilahin'Andriamanitra iray an'ireo mody antsoina hoe hetsika ara-pivavahana an'ny androny. Amena.

131 Na Elia aza, rehefa avy nanorina ny sekolin'ny mpaminany, nahoana, rehefa nandeha tany izy, dia nila azy hiala izy ireo. Hoy izy hoe, "Tery loatra eto." Hitanareo? Ahaba sy ireo mpitarika fivavahana an'ny androny; nanasaraka ny tenany i Elia, nankany amin'ny Tendrombohitra Karmela.

132 Diniho i Jaona Mpanao-batisa, nanasaraka ny tenany, tsy nandeha tany amin'ny sekolin'izy ireo mihitsy akory aza, mba hianatra ny teolojian'izy ireo. Fa, nandefa azy nankany an-efitra Andriamanitra, mba hanomana azy ho an'ny asa iray.

133 Tsy afaka nametraka ny palitaom-pivavahana teo amin'ny lehilahin'Andriamanitra iray mihitsy ny vondron'i Kaina. Tsy ho antonona izany. Marina izany. Mariho, nanerana an'ireo taona.

134 Ary rehefa tonga Jesosy, dia tsy nanontany ny iray tamin'ireo teolojiana mihitsy Izy, fa niantso azy ireo hoe, "Andiana vipera, na bibilava anaty bozaka."

135 Tsy nanohana ny anaram-piangonan'izy ireo mihitsy ireo mpianatra. Teo amin'ny lafin'i Abela izy ireo.

136 Tsy nanohana azy ireo mihitsy i Josefa. Nankahalaina sy nolavina izy, ho an'ilay tanjona iray ihany tahaka ny sisa amin'izy ireo. Satria, nomba azy Andriamanitra tao amin'ilay fomba ivelan'ny voajanahary, ary tao amin'ny fomba hafa iray noho izay naha-izy Azy tamin'ny sisa tamin'izy ireo. Ary nankahala azy izy ireo, tsy nisy antony. Nankahala an'i Abela i Kaina, tsy nisy antony. Nankahala an'i Josefa ireo rahalahy, tsy nisy antony.

137 Ary, amin'izao andro izao, ilay tontolo ara-anaram-piangonana, tsy mampaninona na lehibe toy ny ahoana aza izy; manala ny satroko aho, ka manao hoe, "Misaotra Andriamanitra ny amin'izy ireo." Saingy, ao amin'ireo fampianarany lehibe rehetra, ireo fiangonany lehibe, ireo zavatra lehibe; dia mbola, ao amin'izany rehetra izany, dia miantso lehilahy hivoaka izay tsy misy idirany amin'izany Andriamanitra, satria tsy hanohana an'ilay ivelan'ny voajanahary izy ireo. Mandroso ilay hetsika, amin'izao andro izao; ary ankahalain'izy ireo io hetsika io, tsy misy antony.

138 Nandre lehilahy iray aho nilaza indray andro, izay saika hamadika ny ràko ho rano, ny mandre lehilahy iray niaraka tamin'ny fitaomana, mpitory teny Batista malaza iray.

139 Ary niresaka izy mikasika ny, hoe, tsy ara-tSoratra ny hivavahan'ny olona iray amin'i Maria virijiny. Marina toy ny ahoana izany! Marina izany. Nilaza izy fa tsy nisy Soratra, mba hivavahana amin'ny olona iray ankoatran'i Kristy. Marina izany. Hoy izy hoe, "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, ary tao Aminy no nisy ny fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra." Marina izany.

140 Ary avy eo, taorian'izany fampianarana tsara, mahafinaritra ny Soratra izany, dia nitodika ka nanao hoe, "Tsy nisy fahagagana iray mihitsy natao teto amin'izao tontolo izao." Satria tena nanohitra mafy ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy, nitodika ka nanao hoe, "Tsy nisy fahagagana iray mihitsy natao taorian'ny fahafatesan'i Kristy. Tsy nisy anankiray nanangana ny maty mihitsy, taorian'i Kristy, satria Izy no Anankiray tokana Izay nanana Fiainana Mandrakizay."

141 Fa, milaza aminareo aho, fa Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia niteny tamin'ireo Mpianany mba,

“Handeha sy hitory ny Filazantsara; hanasitrana ny marary; sy hanangana ny maty; ary hanadio ny boka.” Izany no notenenin’i Jesosy tamin’ireo Mpianany.

142 Ahoana no ahafahan’ny olona ho lasa tena jamba ara-pivavahana? Lasa tery saina izy ireo noho ireo sakana ara-anaram-piangonana ka mankahala an’ireo rahalahiny, tsy misy antony. Hitanareo ve ilay izy? Tena tery, tena kely, manao an’izany izy ireo nohon’ny lazany.

143 Mpitoriteny malaza iray an’ny firenena amin’izao andro izao, no nanontaniana hoe nahoana izy no tsy nandray ny batisan’ny Fanahy Masina, rehefa avy nasehon’ireo lehilahy hafa mitovy laharana aminy izany, izay nandray ny batisan’ny Fanahy Masina. Hoy izy hoe, “Hanimba ny asam-panompoako izany.” Raha miteny amiko ianareo, amin’ny fotoana rehetra . . .

144 Mety mandratra asam-panompoan’ny isam-batan’olona iray izany, fa tsy handratra ny asam-panompoan’i Jesosy Kristy mihitsy izay tsy maintsy mitohy. Hampandroso an’ilay anton’ny asam-panompoan’i Jesosy Kristy izany.

145 Fa ity Atoa. Dokotera ity dia nilaza fa tsy nisy olona hany nitsangana tamin’ny maty mihitsy. Hoy izy, “Fantatro fa misy andiana holy-rollers eto amin’ny firenana amin’izao andro izao, izay milaza fa nahita maty nitsangana izy ireo. Fa,” hoy izy, “ah! Tsy misy porofo siantifika iray an’ny fanasitranana na zavatra hafa mihitsy.”

146 Ankehitriny, hitanareo, ity ilay izy, ry rahalahiko sy anabaviko. Tiako ianareo hanamarika tsara mihitsy an’ity. Ny anton’izany, dia ity. Amin’izao andro izao, ny olona . . .

147 Tamin’ny andron’ny Tompo Jesosy, tamin’ny andron’ireo Testamenta, rehefa nino an’Andriamanitra ny olona, nandre ny amin’ny fahagagana iray natao izy ireo, dia tsy niezaka mihitsy izy ireo ny hanaporofo an’izany ara-tsiansa. Nanaiky an’izany izy ireo. Nino an’izany fotsiny izy ireo, satria fantany fa nisy Andriamanitra.

148 Fa, amin’izao andro izao, dia niditra tao anatin’ireo hetsika ara-pivavahana ilay vondrona tsy mahatoky, ary tena miezaka izy ny hanaporofo an’ireo zavatra ara-tsiansa.

149 Ary mamelà ahy hilaza an’ity, satria avy any An-danitra izany, mino aho, mankao amin’ny foko. Tsy misy mihitsy fotoana iray izay nahafahan’izany ho voaporofo. Satria, raha afaka manaporofo an’Andriamanitra ianareo, amin’izay fotoana izay dia tsy ekena amin’ny alàlan’ny finoana intsony Izy; porofo iray izany. Isika dia mino an’Andriamanitra sy ireo Fahagagany, amin’ny finoana. Miantso an’ireo zavatra izay tsy misy, ho toy ny misy isika, satria Andriamanitra no niteny an’izany; tsy mampaninona na inona ilay izy.

150 Tsy afaka nanaporofo i Abrahama fa tsy maina ireo làlan-drononon'i Saraha. Tsy afaka nanaporofo izy fa—fa ireo fantsona, sy ny sisa, dia lasa namokatra. Izy ireo, izy dia afaka . . . Tsy afaka nanaporofo ny iray tamin'izany izy ireo. Tsy afaka nanaporofo izy ireo angamba, tamin'ny alàlan'ireo fizahana an'ilay voa, hoe lonaka izy ireo. Fa nino an'izany izy, na ahoana na ahoana, ary nandà ny zavatra rehetra izay nifanohitra tamin'izany, ka niantso an'ireo zavatra izay tsy nisy, ho toy ny nisy. Satria, tao anatin'ilay voaly, dia nipetraka teo ambonin'ny Tenin'Andriamanitra ny fanantenana avy amin'Andriamanitra, ka niantso an'ireo zavatra ireo, siantifika na tsia hoe, "Ny fahamarinana, satria Andriamanitra no niteny an'izany." Eo ianareo izao.

151 Mino isika. Amin'ny finoana no andraisana an'izany. Fa, raha ilay rahalahy, tsy mifamaly aminy, tsy mino an'izany aho. Fa raha mba namaky fotsiny mantsy ilay rahalahy hoe ahoana fa notoraham-bato ho faty i Paoly, ka nitsangana teo akaikiny ireo olo-masina ary nivavaka mandra-piverin'ny aina tao aminy. Ahoana fa nitory teny nandritry ny alina manontolo i Paoly, indray alina, ka nianjera avy teny amin'ny rihana ambony ny lehilahy iray ka namono ny tenany, lehilahy tanora iray; ary nametraka ny vatany teo amboniny i Paoly, ka niverina tao aminy indray ny Fanahin'aina. Ahoana fa Elia dia nanangana zazakelin'ny vehivavy iray taorian'ny nahafatesany, valonjato taona talohan'ny Fihavian'i Kristy mihitsy aza. Ireo lehilahy, na dia tsy nisy ny fitahian'ny Fanahy Masina aza, dia nanao fahagagana izay atahoran'ireo olona miaraka amin'ny Fanahy Masina ireo ho tafihana. Oadray, oadray! Mampalahelo toy ny ahoana!

152 Nahoana? Izany dia satria miavonavona izy ireo, ka mankahala ny rahalahiny, tsy misy antony; tahaka ny nankahalaina an'i Josefa mihitsy, tsy misy antony. Hitanareo ve ilay izy? Nankahalaina izy. Tsy hoe satria mendrika ny hankahalaina izy; satria, tsy misy antony. Tsy nino azy izy ireo. Niaina tao anatin'ny faritra iray hafa izy.

153 Ary milaza an'izao aho, ankehitriny, raha mihena ny fotoantsika. Milaza an'izao amin'ny fahamarinan'ny fo rehetra aho. Mankahala an'ilay Fiangonana izy ireo, amin'izao andro izao, izay manana an'ilay ivelan'ny voajanahary. Fialonana ilay izy. Tena fialonana ilay izy, ary izany no misy eo anivon'ny olombelona.

154 Nanana an'izany ireo mpianatra. Tena menatra ny tenany izy ireo! Satria, folo andro tany aloha, dia nomen'Andriamanitra fahefana hanasitrana ny marary izy ireo, sy nandroaka devoly, ary hanangana ny maty. Ary nanana zazalahy tratry ny androbe izy ireo teo anoloany, ka tsy nahomby. Ary Jesosy, rehefa nidina avy teny an-tendrombohitra Izy, ary nanasitrana an'ilay zazalahy. Dia nanontany Azy izy ireo hoe, "Nahoana izahay

no tsy nahavita?" Tsy nilaza Izy hoe, "Izaho—Nosintoniko ny Fahefako." Hoy Izy hoe, "Omeko Fahefana ianareo." Asehoko anareo hoe taiza no Nanomezany an'Izany ho an'ilay Fiangonana, saingy tsy afaka haneho amiko ianareo hoe taiza no mba Nisintonany an'Izany. Hitanareo? Eo amin'ny inona no nametrahan'i Jesosy an'Ireo Teniny mihaja? "Nohon'ny tsi-finoanareo."

155 Ary tamin'izay fotoana izay, andro vitsy taty aoriana, dia nahita lehilahy iray izay tsy tao amin'ny faritra ara-pivavahany izy ireo. Efa nandre an'i Jesosy nanonona an'ireo zavatra ireo izy, ary nanao an'ilay asa ho vita. Nandroaka devoly izy. Ary tonga i Petera sy Jaona mba hiteny taminy fa tsy maintsy mikambana amin'ny vondron'izy ireo izy fa raha tsy izany dia tsy afaka nanao an'io. "Tsy maintsy manaraka anay ianao ary mifanaraka aminay. Izahay no fiangonana, ary tsy maintsy manao an'izany ianao!" Nampahafantariny azy ireo fa tokony hiandraikitra ny asany manokana izy ireo. Nandroso tsara mihitsy izy tsy nikambana tamin'ny rafi-pandaminan'izy ireo.

156 Noho izany, tahaka an'ireo sarimbavy, kely, araka ny ananantsika amin'izao andro izao; ireo hevitra kely, an-jatovo, an'ankizy, nihazakazaka ka nanao hoe, "Hitanay izy, ary nandroaka devoly izy." Ary inona izany? Nialona izy ireo satria nanao an'izay tsy azon'izy ireo natao izy. Lasa ara-nofo izy ireo. Ny mason'izy ireo, an'ny fahazoany, dia tahaka ny an'ireo rahalahin'i Josefa, tsy mbola nohazavaina, noho izany dia niverina izy ireo ka nifosa azy, ary niteny tamin'i Jesosy.

157 Dia hoy Jesosy hoe, "Avelao izy hipetraka tsara." Amena. "Manao asa tsara izy. Manao an'izay Nandidiako anareo mba hatao izy, nefa tsy vitanareo ilay izy." "Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto."

158 Noho izany ankehitriny, ry rahalahy malalako Metodista sy Batista ary Presbyterana, satria dia mihevitra ianareo fa tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny fiangonanareo izany, Andriamanitra dia mahay manangana vato ho an'i Abrahama avy amin'ireto holy-rollers ireto. Marina izany. Hanana olona iray Izy izay hanao ny Asany. Marina izany. Miaraka amin'ireo tsy fahombiazany sy hadalany rehetra ary inona koa, izay ataon'izy ireo, nanao an'ilay zavatra iray ihany koa i Isiraely, saingy mandroso io Voa marina io.

159 Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, androany, dia isan'izy ireo isika. Tena faly aho ny amin'izany, ary ianareo? Mifaly ny foko, amin'ny fiandohan'ity taona vaovao ity, ny mahafantatra fa Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Fahasoavany mahagaga, dia nampiditra ny anarako tao anatin'ny Bokin'ny Fiainana, mba hanome ahy fahazoana fa mikambana eo anivon'ireo Olony izay

voaroaka aho. Ary, miaraka amin'ireo mpianatra, dia afaka milaza an'izao aho, raisiko ho tombontsoa iray ny mitondra ny latsan'Ny Anarany. Eny, tompoko. Tena faly aho fa isan'izy ireo aho.

160 Ary ankehitriny dia manomboka eto isika miaraka amin'i Josefa, amin'ny fotoana manaraka, izay mety ho rahariva na Alatsinainy hariva, ny anankiray, satria tapitra ny fotoantsika.

161 Fa, tiako Izy. Tsy tianareo ve Izy? Mahafinaritra Izy. Ary tena faly aho androany fa afaka mifanome tànana amin'io laharana lava an'ny nohamavoina sy nolavina io, ary ankahalain'ireo fiangonana manerana ny firenena. Indro izy ireo. Ambany izy ireo. Marina izany. Ireo mpivavaka, miresaka ny amin'izao tontolo izao, ara-pianarana, ary miresaka ara-tsosialy, izy ireo dia ambonin'izy ireo. Ary faly isika fa manetry tena. Satria, ireo izay hanetry ny tenany, dia ho avy fanindroany Andriamanitra indray andro any, ao amin'ny Voninahitra, hanandratra Ny Fiangonany. Mandra-pahatongan'izany, "Ndao isika hiaro mafy ny Finoana izay efa voatolotra indray mandeha monja ho an'ny olo-masina."

Ndao isika hivavaka.

162 Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia manontany fotsiny aho raha hisy anankiray izao maraina izao, na maro, manantena aho, izay tsy mbola nanaiky an'io Kristy io mihitsy, sy ireo Fitahiany lehibe ary ireo Fahefany lehibe. Ary manontany isika, androany, raha hanao ny safidinareo ianareo androany, ka hanao hoe, "Tompo Jesosy, izaho izany. Ary maniry ny ho Mpanomponao aho, amin'ny foko rehetra, mba handray ny làlana miaraka amin'ny vitsin'ny Tompo nohamavoina. Hitako ankehitriny, Tompo, fa ilay izy dia tsy izay lazain'izao tontolo izao; ilay izy dia izay lazain'Ny Baibolinao. Ilay izy dia tsy izay antsoin'izao tontolo izao. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Josefa. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Abela. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Jaona. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Daniela. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Ezekiela, tahaka an'i Zakaria. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'i Jesosy. Mankahala ahy izy ireo, tahaka ny nankahalan'izy ireo an'ireo apostoly sy ireo izay nanaraka Anao, tsy misy antony. Tompo, mivavaka ho azy ireo aho."

163 Efa mba nandray fahatsapana iray tahaka an'izany ve ianareo, hoe nivoaka ianareo? "Ary mpanao asam-pisoronan'ny mpanjaka isika, firenena masina, manolotra fanatitra ara-panahy ho an'Andriamanitra; izany hoe, ireo vokatry ny molotsika, manome dera Azy." Afaka mitsangana eo afovoan'izao tontolo izao mikorontana ve ianareo? Afaka mitsangana eo anatrehan'ny sefonareo ve ianareo? Afaka

mitsangana miaraka amin'ny fanetre-tena ao am-ponareo ve ianareo, miaraka amin'ny fitiavana ao am-ponareo, ho an'ireo mpanota an'ity izao tontolo izao ity, miaraka amin'ny Fiainan'i Kristy ao anatinareo, ka manome fijoroana vavolombelona iray sy dera ho an'ny voninahitr'Andriamanitra? Raha tsy manana an'izany fahatsapana izany ianareo, dia nahoana no tsy manomboka an'izao tontolo izao, ny fiainana, ny zavatra rehetra indray, androany, amin'ny fananganana ny tànanareo mankany Aminy, ka manao hoe, "Izaho ankehitriny, Tompo, dia manaiky an'izany, ary mila Anao hanome ahy ny batisan'ny Fanahy."

164 Ankehitriny, ry Rainay any An-danitra, dia mitsangana ilay Fiangonana kely izao maraina izao, fantatray, voatsindrona, voatifitra, nampahory azy ilay fahavalo, nitifitra ny zana-tsipìkany. Ary mivavaka ho an'ireo fanahiny mpanota izahay, Tompo. Tsy fantatr'izy ireo fa nohajambain'ny andriamanitr'ity izao tontolo izao ity izy ireo.

165 Ilay Fiangonana, amin'ny ankapobeny, manerana an'izao tontolo izao amin'izao andro izao; ilay fahavalo, ireo vahoaka mpivavaka, no nitifitra azy ireo tamin'ny zana-tsipìka tsirairay. Fa na dia eo aza izany rehetra izany, dia mitohy ilay fifohazana lehibe. Zanaka an'arivony manetry tena, mahantra, natao tsirambina no tafintohina tao anatin'ireo toerana ireo, ary nahita ny Tànanao mahagaga, feno ny Fanahy Masina. Ary tsy avy amin'ity izao tontolo izao ity intsony izy ireo. Mpivahiny sy vahiny izy ireo. Tsy miraharaha an'izao tontolo izao izy ireo, fa mitady Tanàna iray ho avy, izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao. Nahita ny Herinao manasitrana izy ireo, manasitrana ny marary, ireo Famantaranao sy fahagaganao vita teo anivon'ny Olonao. Zavatra lehibe no niseho, na dia teo aza ireo toerana izay nanamelohan'izy ireo an'izany sy niezahany hanakanana an'izany. Miditra avy hatrany ireo Mpanomponao ka manao fifohazana iray, ary mampiditra ny manetry tena ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy ireo.

166 Eto afovoanay izao maraina izao, dia manana tombontsoa izahay ny manana an'ireto misionera ireto izay mandeha mankany amin'ireo firenen-kafa.

167 Ny anankiray, mandeha mankany Isiraely. O Andriamanitra, izay ilay izy. Arotsahy Ny Fanahinao, hiaraka aminy, Tompo. Ary enga anie hisy zavatra lehibe maro ho tanteraka, ka hanao an'ireo Jiosy mahantra mirenireny ireo hiverina. Enga anie izy ireo handray ny Fanahy Masina, tahaka ny nataon'ireo rainy tany amin'ny voalohany.

168 Indro misy rahalahy iray handeha any Cuba, hankany amin'ireo nosy. Hoy Ianao hoe, "Hatrany am-paran'ny tany."

169 Misy zavatra misintona, mandrirotra ao amin'ny fon'ireo rahalahy ireo. Mandao ny tokantranony, ireo malalany, tsy

miraharaha an'ireo fahafinaretana sy fotoana tsara an'ity izao tontolo izao ity, fa mandeha any amin'ireo tany ngazana any; eo ambanin'ny mpanohitra, miezaka mampijanona an'ilay asa. Fa tahaka ny omby mihitsy izay namerina an'ilay sarety, niaraka tamin'ireo didy teo amboniny, ary ilay fiaran'ny fanekena. Navelan'izy ireo ireo zanany kely, mikiakiaka, ary nandeha teny an-dàlana izy ireo, mitretrena, mihira, midina mankeo amin'ilay Vatolampy.

Misaotra Anao izahay ny amin'ny mpitoriteny tsirairay.

170 Hitanay mipetraka ery aoriana ato amin'ny fiangonanay, Rahalahy John, izao maraina izao, ihany koa, avy any Alemaina. Ahoana fa izy dia notezaina, mahantra. Nitarika kalesy kely iray nanerana ny firenena, nitory ny Filazantsara. Misaotra Anao izahay ny aminy!

171 Ary ireto lehilahy tanora ireto, sy ireo mpitoriteny hafa izay mipetraka mifanakaiky, ary ny mpivavaka rehetra. Rehefa nanontany aho, Ray, mino fa eo ambanin'ny ora iray tahaka an'izao, hoe raha tsy nanana an'i Kristy tao am-pony ny lehilahy na vehivavy iray, dia ho nanangana ny tànany izy ireo, azo antoka, eo am-pahitana ny porofo rehetra an'ny Filazantsara, hoe Ianao no tsy miova ary tsy miova Ny Fiangonanao.

172 Misaotra Anao aho ny amin'ny tsirairay avy. Mivavaka aho mba Hitahianao azy ireo. Ary sitrano ny vatan'izy ireo raha marary izy ireo, ka ekeo ho azy ireo ny fanirian'ny fony. Ekeo izao, Ray, mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay.

173 Ary miaraka amin'ny lohantsika miondrika, dia ndao isika hisaintsaina vetivety fotsiny. Aoka ho ao amin'ny vavaka fotsiny, moramora.

Ny maty voalohany ho an'ity planin'ny Fanahy Masina ity,
Dia Jaona Mpanao-batisa, saingy maty toy ny lehilahy iray izy;
Avy eo dia tonga ny Tompo Jesosy, nohomboan'izy ireo Izy,
Nitory Izy fa ny Fanahy no hamonjy ny olona amin'ny ota.

Avy eo dia notorahan'izy ireo vato i Stefana, nitory nanohitra ny ota izy,
Izy ireo, tena tezitra, nopotehin'izy ireo ny lohany;
Saingy maty tao amin'ny Fanahy izy, natolony ny fanahy,
Dia nandeha nikambana tamin'ireo hafa, ilay tafika mpanolotra aina.

Nisy an'i Petera sy Paoly, ary Jaona ilay masina,
Nanolotra ny ainy izy ireo mba hahafahan'ity Filazantsara ity hamirapiratra;

Nafangaron'izy ireo ny ràny, tahaka an'ireo mpaminany fahiny, (Izany dia mbola ilay Voa foana, enjehina.)
Mba hahafahan'ilay Tenin'Andriamanitra marina ho voalaza mahitsy.

Nisy ireo fanahy teo ambanin'ny alitara, niantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana?"
No hanasazian'ny Tompo an'ireo izay nanao ratsy;
Fa mbola hisy maro ireo izay hanome ny ràn'ny ainy
Ho an'ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity sy ny fikoriany mena.

Mitohy mitete rà, eny, mitete rà izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

174 [Misamonomonona ny *Mitete Rà Izany* Rahalahy Branham—Mpand.]

175 O Andriamanitra! Avia, Tompo Jesosy! Lasiro izahay ankehitriny raha manetry tena eo Anatrehanao. Esory hiala amin'ny fiainanay ny tsy firehana rehetra, hiala amin'ny fonay, raha mbola ny—toy ny manao ny maso hiloko ny hamamin'ny Fanahy. Mandray Ny Teniny Andriamanitra ankehitriny ka manondraka Azy. Tena faly izahay fa nampiditra anay Ianao, Ray, mba ho mpitondra ny Filazantsara.

176 Mivavaka izahay ho an'ny ilaina tsirairay an'ny fiangonana. Mivavaka izahay ho an'ny pasitera malalanay, O Andriamanitra; mpanompo mahatoky, tsy reraka mihitsy, vonona ny handeha isan'andro. Mitenena amin'ny fony, androany, ka ampahafantaro azy fa misy valisoa iray lehibe miandry any ho an'ireo pasitera mahatoky rehefa miangona any amin'ilay ilany hafa izy ireo miaraka amin'ny navotana rehetra.

177 Tahio ireo pasitera hafa, sy ireo misionera, ary ireo mambran'ny Vatan'i Kristy, hatraiza hatraiza. Mamelà anay ny amin'ireo tsirambinay, Tompo.

178 Ary ankehitriny raha misy ilaina iray ao am-ponay, Tompo, Ianao ve tsy, raha mbola manatrika Ianao, hitahy anay? Raha misy aretina eo afovoanay, Tompo, mety olona iray, izay niditra tato amin'ity fiangonana kely ity androany, ary mijery any izy ireo ka mahita an'i Kalvary, mahita eo amin'izay misy an'ilay tena Voa. Teo amin'izay niheveran'i Satana fa afaka nandrava an'Izany tamin'ny fahafatesana izy, saingy natsangan'Andriamanitra indray Izany. Tsy afaka manao an'izany fotsiny izy! Nanao teny fikasana iray Andriamanitra,

ary mijanona amin'ny Fampanantenany Andriamanitra. Ary marina ny teny fikasana tsirairay. Ianao no nampanantena anay Fiainana Mandrakizay, ary anananay Izany. Tsapanay Izany. Misy Zavatra ao anatinay, mihetsika, izay tsy azonay azavaina. O Andriamanitra! Eo afovoan'ny olana, dia mahatsapa izahay fa misy Zavatra mihazona any hoe, "Mipetraha tsara fotsiny." Mety hamely an'ilay Voa ny tafio-drivotra, mety manilangilana ny lakana kelinay ilay sambo. Hanao làlana iray eo ambony Ianao, ambany, manodidina, na mitety an'izany, amin'ny fomba iray. Noho izany, dia miankina amin'ny Teny mihitsy izahay, Tompo.

179 Mivavaka aho ankehitriny raha marary ny olona iray ato amin'ny fivoriana, mba io Fanahy io, izay ato amin'ny tranobe izao ankehitriny izao, no hidina amin'ny fitiavana lehibe, hanao hoe, "Ry Zanako, ity Aho. Izaho no Ray Izay namorona anao. Izaho no ilay Anankiray Izay nitondra an'ireo—ireo singa avy tamin'ny tany, izay nanao anao ho amin'izay maha-izy anao. Miezaka hiditra ao amin'ny Asako i Satana. Raiso ny Fampanantenako, anaka."

180 Ary atolotro ity vavaky ny finoana ity, amin'ny finoana fa eto Ianao. Aoka ny Tànanao, Tompo, hihitatra mankany amin'ny fo tsirairay, ka hiala amin'ny olona ny aretina. Miteny mafy ny devoly aho; ny devolin'ny fampahoriana, ny devolin'ny tahotra, ny devolin'ny aretina amin'ny karazany rehetra. Hoy Ianao hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo." Ao amin'ny firaisan'ity fiangonana ity, sy ity Fanahy ity izao maraina izao, no androahanay ny ratsy rehetra hiala amin'ny olona; ka handeha avy eto izahay, madio, amin'ny alàlan'ny Fanatitry ny Tompo Jesosy, raha manaiky an'Izany am-panetre-tena izahay.

181 Tahio izahay ao amin'ireo fampiasana lavidavitra. Tahio izahay amin'izay rehetra ataonay. Mandehana miaraka amin'ireo mpitoriteny sy miaraka amin'ireo evanjelista ary miaraka amin'ireo misionera, mankany amin'ny toeran'izy ireo, Tompo. Ekeo mba hihaonanay indray andro any eo—eo an-Tongotrao. Amin'izay fotoana izay no hametrahanay an'ireo amboaranay. Andriamanitra, ho avy amin'ny karazany rehetra izy ireo. Hisy ny olona fotsy, ny olona mavo, ny olona mainty. Ny rehetra miaraka, hilaza izahay hoe, "Tompo, indro izy ireo." Ho androm-pifaliana iray toy ny inona izany! Mamelà anay hiasa raha mbola antoandro ny andro, satria tonga ny alina izay tsy ahafahan'ny olona hiasa. Mangataka an'ireo fitahiana ireo izahay amin'ny—amin'ny Anarana malalan'ilay Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy. Amena.

Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny;
Minoa fotsiny, fotsiny . . . (Inona izany?)
Ny zava-drehetra azo atao, fotsiny . . .

182 Firy no nanana ilaina, ka afaka hino izao ankehitriny izao? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Mandray aho ankehitriny."

Mandray aho ankehitriny, mandray aho ankehitriny,
Ny zavatra rehetra azo atao, mandray aho ankehitriny;
Mandray aho ankehitriny, mandray aho ankehitriny,
Ny zavatra rehetra azo atao, mandray aho ankehitriny.

183 Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ankehitriny. Manohiza fotsiny, ranabavy, eo amin'ny piano, raha sitrakao. Mandray Azy ve ianareo?

184 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, efa narary aho indray mandeha. Efa nisy zavatra toy ny hoe tsy azoko noresena mihitsy. Efa nivavahana aho, tamin'ny alàlan'ireo isam-batan'olona."

185 Tsara izany, rahalahy, ranabavy, saingy efa mba noeritreretinareo ve hoe inona izany? Izany io teny fikasana kely izay efa nomena anareo io. "Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'izay mino."

186 Tsy hatsipinareo any Kalvary avy hatrany ve izany izao maraina izao? Hazòny fotsiny ny tendron'izany eto, ny Fanahy izay nanome anareo an'izany. Atsipazo any Kalvary avy hatrany izany, ka manaova hoe, "Eo no amikiran'ny vatofantsiko. Mandray aho ankehitriny, izao ankehitriny izao. Tapitra ny rehetra, izao ankehitriny izao. Tsy mampaninona izay miseho, mamikitra ao anatin'ny voaly ny vatofantsiko izao ankehitriny izao, ka mandray an'izay angatahiko mihitsy aho. Fantatro fa azoko ilay izy. Ny Tenin'Andriamanitra no niteny an'izany. Ary, Andriamanitra, miantehitra Aminao aho ankehitriny." Angamba nanana ahiahy ianareo, olana ara-bola, na inona na inona ilay izy. Tsy mampaninona na inona ilay izy, atsipazo avy hatrany any Kalvary any izany.

Satria ny zavatra rehetra—ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.

187 Mamela an'izany hilentika fotsiny, tena moramora. Tsy mahafinaritra ve izany? Izao no fotoan'ny fivoriako. Efa voafafy ny Teny, hitanareo, ankehitriny dia Andriamanitra no manondraka Azy. Tsy afaka mahatsapa fotsiny ve ianareo an'ilay fa-. . . ilay fampitoniana, famelombelomana avy amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, midina fotsiny, manondraka Azy, manao hoe, "Ankehitriny, eto, anaka, Izaho—tonga miaraka amin'Ny Teniko Aho. Manaja Ny Teniko Aho. Miambina Azy Aho, andro aman'alina, ary manondraka Azy ao am-ponao Aho ankehitriny. Tsy afaka handray Ahy sy hino Ahy fotsiny ve ianao?"

Satria ny zavatra rehetra (Inona?) dia azo atao,
minoa fotsiny.

188 Oadray! Mahafinaritra toy ny ahoana! Mahafinaritra toy ny ahoana, ny mandentika an'izany fotsiny, ny mahatsapa an'ilay rano midina eo ambonin'ireo Voa! Inona izany? Ilay Voa marina, efa voafafy tao am-ponareo Izany. Ny Tenin'Andriamanitra izany. Izany ilay Voa. Izany no Fanahy Masina. Ilay Voa izay nampanantenain'Andriamanitra tany amin'ny voalohany. Taranak'i Abrahama ianareo, satria maty tao amin'i Kristy, ary mitondra ny Voan'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana. Tonga avy amin'ilay Taranak'i Abrahama ny Fanahy Masina, izay manao anareo ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

189 Ankehitriny, izany no Fanahy Masina manondraka an'io teny fikasana izay noraisinareo vao teo io, ho an'ny fahasitrananareo, ho an'ny famonjenareo, ho an'ny fandehanana tsaratsara kokoa, mba hialan'ny tahotra aminareo, ho an'izay rehetra ilainareo; ho an'ilay dia mankany amin'ireo nosy, ho an'ilay dia mankany amin'ny tanindrazan'i Isiraely; mankany amin'ny fiangonanareo, mankany amin'ny toeranareo, na aiza na aiza izany, mankany an-tranonareo. Izany no Fanahy Masina manao hoe, "Izaho izany. Momba anao Aho. Manohiza. Izaho no mitarika ny làlana. Ianao, manohiza mandroso fotsiny. Izaho izany."

Misy Tantely ho anao ao anatin'ny Vatolampy;
Avelao ho rakofan'ny Rà ny fahotanao,
Misy Tantely ho anao ao anatin'ny Vatolampy.

Hitsangana isika.

Oh, mandehana mankeny amin'ireo làlambe ka mihodìna,
Torio ny Teny. . . (Manana zavatra tianao ho lazaina ve ianao?)

Milazà amin'ny rahalahy lavo tsirairay hoe,
Misy Tantely ho anao ao anatin'ny Vatolampy.

Oh, misy Tantely ao anatin'ny Vatolampy, ry rahalahiko.
Misy Tantely ho anao ao anatin'ny Vatolampy;
Avelao ho rakofan'ny Rà ny fahotanao,
Misy Tantely ho anao ao anatin'ny Vatolampy.

190 Ankehitriny, jereo, tsy mbola tiako handeha ianareo. Tiako ianareo hijery olona iray mitsangana eo akaikinareo, raiso ny tànanareo, manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao, rahalahy," na rahavavy, na iza izany na iza. Mitodiha fotsiny. Tabernakla tranainy kely iray iraisam-pinoana ity. Eo amin'ny diantsika fotsiny isika, vahoaka hafa. Eny àry.

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena mamy! (O tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ankehitriny ny olona rehetra dia mijere mankaty ankehitriny.

Amin'ny—amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any Andanitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena mamy! (O tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) Oh tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifaliana . . . (. . . ? . . .)

191 Ankehitriny raha mbola manondrika ny lohantsika amin'ny Tompo Jesosy isika. Efa jobily iray lehibe izany, fety lehibe iray, fety pentekotista iray teo amin'ny Teny sy ireo zavatr'Andriamanitra, teo amin'Ny Fanahiny Masina. Te-hangataka an'ireo fitahian'Andriamanitra ho eo amin'ireo rahalahintsika misionera izay handeha hankany amin'ny saha isika ankehitriny, ary hanafaingana azy ireo avy hatrany anie Andriamanitra. Manome fampanantenana iray ho anareo izahay; hivavaka ho anareo izahay, rahalahy, sy ranabavy. Ny vadin'izy ireo, ireo malalany, eritrereto hoe inona no handalovan'ireo vehivavy ireo. Fantatro, amin'ny alàlan'ny vadiko manokana.

192 Ho an'ireo pasitera eto, Rahalahy Jackson, ary—ary ataoko fa ery aoriana ery Rahalahy Beeler, ary maro hafa amin'ireo pasitera. Teddy eto aoriana eto, mpitoriteny tanora iray. Ireo maro hafa izay eto, mangataka ny fitahian'Andriamanitra fotsiny izahay. Rahalahy tanora iray eto, avy any amin'ny fiangonan'Andriamanitra, izay tokony ho hitanay amin'ity tolakandro ity. Mangataka an'ireo fitahiana ho eo aminy izahay, evanjelista, mino aho fa izay ilay izy. Sa tsy izany, rahalahy? Iza no anaranao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Morgan."—Mpand.] Rahalahy Morg- . . . ["Morgan."] Morgan, Rahalahy Morgan. Tena faly mihitsy manana azy rehetra eto!

193 Ary, ankehitriny, raha mbola manondrika ny lohantsika Aminy isika ankehitriny, ka mijery. Misy rahalahy kely iray

manetry tena mitsangana eny aorian'ny tranobe. Mitarika kalesy kely izy, azoko, manerana ny firenena. Maro amin'izy ireo no mahafantatra azy hoe "John mpaminany." Izahay dia miantso azy hoe "Rahalahy John," manodidina eto. Nanaja an'ilay lehilahy foana aho. Fa, indray andro dia namangy ny sakaizako iray aho, izany dia rahalahy . . . Ranabavy Jimmy O'Neal, any Sellersburg. Vinantolahin-dRahalahy sy Ranabavy Green izany. Manatrika izy ireo izao maraina izao. Ary efa tany an-tranon'izy ireo Rahalahy John, ka niteny tamiko izy ireo hoe lehilahy mihaja Kristiana tena izy toy ny inona izy. Ary notantarain'izy ireo tamiko ny fiainany, avy amin'izay noteneniny tamin'izy ireo, ary ahoana no nandalovany an'ireo fizahan-toetra mafy. Ary nanana làlan-tsarotra iray izy. Ary hangataka azy isika, izao maraina izao, raha hampirava an'ity fiangonana ity izy, ary hangataka ny tso-dranony avy amin'Andriamanitra, ho eo amin'ity fiangonana ity. Hanao an'izany ho anay ve ianao, Rahalahy Johnny? Raha manondrika ny lohantsika ianareo rehetra. Ary, Rahalahy John, raha hampirava anay amin'ny vavaka ianao.

Josefa Mihaona Amin'Ireo Rahalahiny MAG56-1230
(Joseph Meeting His Brethren)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 30 Desambra, 1956, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2023 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org